# *Lehilahy Nantsoin'Andriamanitra*

. . .Neville. Miala tsiny mihitsy mihazona anareo mitsangana, manerana an'ireo rindrina. Ary nandalo teto aho tamin'ny fifamotoana iray hafa, teo amin'ny adiny iray sy sasany lasa teo izay, dia niverina ny olona teo am-baravarana, ary lasa. Nihaona tamin'i Billy aho tao ivelany, ary nilaza izy fa efa vonona ilay toerana hanombohan'ny fotoana, hatramin'ity tolakandro ity. Noho izany aho. . .Nanao an'ity fivoriana kely ity fotsiny izahay eto. Tsy nametraka an'izany tao amin'ireo gazety eto an-toerana akory mihitsy aza izahay. Noho izany, manana fotoana kely an'ny fiombonana fotsiny isika.

2 Ary ankehitriny ilay izy dia sahirana foana, araka ny fantatry ny olona ivelan'ny tanàna, hoe, any amin'ny toerana misy ahy eto dia haingana foana ilay izy, mihazakazaka mitety toerana, ary mifanery. Noho izany, somary zatra an'izany aho. Tonga eo amin'ny toerana iray fotsiny izay tsy amelako an'izany hanelingelina ahy aho, betsaka arak'izay azo atao. Ary fantatrareo, tsy maintsy mandany fotoana kely fotsiny ianareo, ary tokony ho bebe kokoa, miaraka amin'ny Tompo. Raha tsy manao an'izany ianareo, amin'izay fotoana izay dia tsy miditra ao amin'ny fivoriana miaraka amin'ny hatsiatsiakan'ny Fanahy Masina ianareo. Ary rehefa tonga ianareo, tahaka ny androany, izay fanapariahana anankiray lehibe, lehibe mihitsy, eny, dia somary sarotra amiko indraindray ny miditra, ka tsy ho voakorontana kely sy manosika fotsiny, hitanareo, ary manao ny tenako hikorontana fotsiny izany. Rehefa manao an'izany aho, amin'izay fotoana izay dia tsy afaka mahita ny Fanahy Masina na aiza na aiza aho ao anatin'izany.

3 Noho izany, malahelo aho, na izany aza, an'ireo olona izay mitsangana ao—ao amin'ireo làlantsara sy ny manodidina any ivelany. Ary manatona izy ireo, mijery ny ato anatiny, miditra ao anatin'ny fiarany ary lasa miverina. Naniry aho ny hahazo an'ilay sekoly ambony eto, hanao fivoriana hariva vitsivitsy fotsiny, saingy mandeha ny fianarana amin'izao fotoana izao, ary somary sarotra amiko ny hahazo azy mandritr'ity fotoana ity. Saingy tiako ny milaza fa tena mankasitraka ny tsirairay avy aminareo aho, anatiny sy ivelany, ary nohon'ny fiaraha-miasa tsaranareo, ary noho izay rehetra nataonareo.

4 Ary aninkeo maraina, tao amin'ny sekoly Alahady, dia nisaotra ny olona aho nohon'ny rakitra izay nomena ahy omaly hariva, izay rakitra tsy nangatahana. Am-pahatsorana, dia

niteny tamin'ny pasitera eto aho, ny pasitera malalantsika, Rahalahy Neville, sy izy ireo, aleoko tsy nanao an'izany izy ireo. Saingy nataon'izy ireo ilay izy, na ahoana na ahoana, noho izany dia tiako fotsiny ny nanao tatitra mikasika an'izany. Ankehitriny, toerana kely ity, ary tsy hametraka olona mihoatra ny telonjato eo ho eo izy, tsy mihevitra aho. Ary ilay fanatitra dia efatra amby roapolo sy telonjato dolara, izay midika fa eo amin'ny iray dolara isan'olona izany ara-keviny. Izany no fanomezana tsara indrindra izay hany nomena ahy teo amin'ny fiainako, amin'ny isan'ny olona. Mazàna, ilay izy dia ho eo amin'ny efatra amby roapolo cents isan'olona ara-keviny, dimy amby roapolo. Fito amby roapolo cents no rakitra lehibe, isan'olona. Fa ity dia manodidina ny iray dolara isan'olona ara-keviny. Ary mankasitraka an'izany tokoa aho.

5 Ary angamba tsy vitako, aninkeo maraina, ny naneho tamin'ny sasany aminareo. Nahita gelée izahay, boaty misy gelée napetraka teo amin'ny tohatra, ary ireo fanomezana kely nalefa ho anay. Maniry izaho sy ny vadiko ny haneho aminareo olona ny fisaoranay. Ary azoko antoka fa ny tsara indrindra izay fantatray, ny rehetra amin'izany dia ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra.

6 Ary manao ahy hahatsapa fotsiny izany hoe maniry aho ny hananako toerana goavana be iray izay ahafahanay hanohy handeha mandritry ny ela be ary hikarakara ny olona. Saingy na izao hariva izao aza, aorian'ny fotoana, dia natao handeha aho. Saingy, tsy afaka hiainga aho izao hariva izao, fa aloha be amin'ny maraina, no handeha.

7 Miverina aho ny Sabotsy heriny hariva. Miainga ny Alahady maraina, indray, ho any Colorado. Ary ny anankiray aorian'ilay hafa avy hatrany fotsiny, mandeha.

8 Ary avy eo ny fivoriako any ampitan-dranomasina manaraka dia tonga amin'ny Janoary, izay any Australia sy New Zealand, ary any. Ankehitriny, tiako ianareo hivavaka ho ahy. Tena maniry tokoa ny vavakareo aho.

9 Ary avy eo dia tiako ny. . .isika rehetra hankasitraka an'Andriamanitra Tsitoha, Izay nanao zavatra lehibe tahaka an'izany ho antsika tamin'ity fivoriana kely ity. Mino aho, fa nandritra ny fotoana, dia nisy betsaka no tanteraka tamin'ity fivoriana ity noho ny fivoriana rehetra izay hany nataoko teo amin'ny fiainako tato amin'ity tabernakla ity. Toy ny hoe nandrotsaka an'ireo fitahiana mihitsy ny Tompo.

10 Nieritreritra aho, angamba, nandritr'ity fivoriana ity, araka ny fahitana iray izay azoko, fa hiova ho amin'ny asam-panompoana iray tsaratsara kokoa sy lehibe kokoa ny asam-panompoako. Ankehitriny, izany dia hitranga mihitsy azo antoka tahaka ny nandrenesanareo olona an'ireo asam-panompoana telo hafa izay voateny mialoha ireo, na ireo roa hafa

ireo. Ity iray ity dia ho tahaka an'izany, lehibe kokoa fotsiny. Fa ny hariva voalohany, dia niantso ny olona hanketo amin'ny alitara fotsiny aho, dia niverina avy hatrany tao amin'ny fahaiza-mamantatra. Ny hariva faharoa, dia nentiko niditra tao amin'ny efitra izy ireo, nandeha tao amin'ny fahaiza-mamantatra avy hatrany. Ary ireo hariva roa farany, noho izany, dia nentinay teto amin'ny lampihazo izy ireo, tao amin'ny fahaiza-mamantatra avy hatrany fotsiny.

11 Mba hanaovana tatitra zavatra sasany fotsiny, dia nisy mpitoriteny jamba iray nahazo ny fahitany teo amin'ny lampihazo.

12 Ary zazavavy kely roa, omaly hariva, nipetraka teo amin'ny seza misy kodiarana, niaraka tamin'ny aretina izay tsy misy olona mahafantatra hoe inona ilay izy, tsy misy dokotera. Goavana be ireo tongony, ary ny rantsan-tongony nilatsaka, ny rantsan-tànany nilatsaka, ary tsy nisy na inona na inona azo natao ho azy ireo. Fa vao nanosotra fotsiny ny Fanahy, dia nandeha teo aho, ary tamin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, nanozona an'io aretina io, ary nitsangana niala teo amin'ilay seza misy kodiarana izy ireo. Ary aninkeo maraina, nandehandeha tato amin'ny tabernakla, tahaka ny ankizy hafa rehetra, ary nanatona ka natao batisa tamin'ny batisa Kristiana, tao amin'ny dobo eto mihitsy, aninkeo maraina.

13 Raha mbola, naka minitra vitsivitsy hianarana aho, vao teo, dia nisy sasany tamin'ireo sakaizako, Rahalahy Hoover, mpitoriteny iray avy any Kentucky, nandalo fotsiny ary nametraka teny tamin'ny vadiko, hoe omaly hariva tao amin'ny fiantsoana laharana, tao amin'ny mpanatrika, ireo vehivavy izay tsy nanana karatra fangataham-bavaka na inona na inona, nipetraka teo fotsiny nivavaka. Ary nisy vehivavy iray izay tsy nihinana nandritry ny, adinoko hoe hafiriana, sakafo; fivontosana tao amin'ny vavoniny, feno tanteraka. Ary niantso azy ny Tompo ka nanasitrana azy. Ary aninkeo maraina dia nifoha izy ary nihinana sakafo maraina amin'ny habeny ara-dalàna, ary eto izao hariva izao any ho any.

14 Ary ireo hafa, izay notantarainy, ary, oh, tsy hamela ny fotoana, ny amin'ireo zavatra izay nataon'ny Tompontsika. Noho izany, ho antsika, manome fampaherezana antsika fotsiny izany hoe akaiky mihitsy ilay izy, misy zavatra vonona ny hitranga, lehibe.

15 Omaly hariva, taorian'ny fotoana, taorian'ny Hafatra, tsy mbola hany nahita ny Fanahy Masina mihitsy aho hany nanosotra ny olona lehibe kokoa noho izay Nataony omaly hariva. Manantena iray hafa isika, izao hariva izao. Ary ankehitriny dia mivavaha ho ahy.

16 Ary te-hamaky ny sasany amin'ny Tenin'Andriamanitra voatahy aho. Ary alohan'ny hamakiantsika ny Teny, dia ndao

fotsiny isika hiresaka Aminy, miaraka amin'ny lohantsika miondrika vetivety fotsiny.

17 Ray any An-danitra Malala, manatona Anao izahay izao hariva izao, angamba reraka kely ao amin'ny vatana, fa, oh, velombelona toy ny ahoana ny fanahinay! Ireo famantaran'ilay Andriamanitra velona, hoe momba anay Izy, sy mitahy anay, ary manome anay an'izay Nampanantenainy, ilay mihoatra, betsaka, mihoatra noho izay rehetra azonay atao na eritreretina. Ary raha mahita fitia eo Imasonao izahay, amin'ny finoana Ny Zanakao, ny Tompo Jesosy, dia hangataka izahay izao hariva izao mba Hamangianao anay indray amin'ny ampahandroa an'Ny Fanahinao. Enga anie Izany hirotsaka amin'ny hery sy fatra lehibe eo amin'ny olona tsirairay eto, mba hino ny Filazantsara sy handray ny Herin'ny Fanahy Masina ao amin'ny fiainan'izy ireo. Vonjeo ireo izay azo vonjena izao hariva izao, Tompo, ary sitrano ireo izay vonona ho an'ny fanasitranana. Ekeo izany, Tompo.

18 Ary raha mahita ny olona mifanery miditra izahay, mitsangana eo am-baravarana, an-jatony no tsy maintsy nandeha niala tamin'ilay fiangonana kely, dia mampahatsiahy anay izany fa Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Fa, tamin'ny andro Namangiany anay teto tao amin'ny endriky ny nofo, dia tena lehibe ilay fifanosehana, ka tsy afaka nitondra lehilahy iray nankeo Aminy akory aza izy ireo, ary voatery nampidina azy avy teo amin'ny tafon'ilay tranobe. Ary mivavaka izahay, Andriamanitra, mba izao hariva izao, mba hovalian-tsoa tahaka an'io lehilahy io ny tsirairay avy izay tsy maintsy nifanery niditra tahaka an'izany.

19 Tahio Ny Teninao raha mamaky Azy izahay. Ary enga anie Izy ho Fanilo iray, Hazavana iray eo amin'ny làlanay. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

20 [Miresaka amin-dRahalahy Branham ny olona iray—Mpand.] Tsia. Rosella Griffith ve? ["Eny."]

21 Vao avy notaterina tamiko izao ankehitriny izao fa ilay zazavavy izay nantsoiko aninkeo maraina. . . alikaolika iray izay voaantso tao amin'ny fivoriana tany Chicago. Ilay izy dia nipetraka teny ambony rihana izy rehefa niresaka taminy ny Fanahy Masina ary nilaza fa alikaolika iray izy. Ary nandao azy ireo dokotera dimy malaza an'i Chicago. Nandao azy ny Alcohol Synonymous. Ary voaantso izy, tamin'ny HOY NY TOMPO HOE. Sitrana izy. Tsy nanam-paniriana hisotro intsony izy nanomboka tamin'io fotoana io.

22 Ary ramatoa kely iray hafa teny ambony rihana teo amboniny, izay iray amin'ireo sakaizany, fa nipetraka tany Calumet City izy ireo. Raha misy olona mahafantatra hoe inona izany, izany dia ilay sisin-tany izay ratsy noho i Paris, Frantsa, ireo karazana ratsy rehetra izay miseho. Ary niteny taminy fa

mpivarotra zava-mahadomelina izy, ary mpandihy an'i Fred Astaire. Ary nolavin'ny rainy izany. Fa nitsangana izy ka nanao hoe, "Dada, marina tokoa ny an'ilay lehilahy." Manambady izy ankehitriny, ilay zazavavy kely, ary eny amin'ny làlany, miaraka amin'ny vadiny, mitory ny Filazantsara.

23 Mpiasan'ny misiona iray i Rosella, avy amin'ny sampandraharahan'ny fonja rehetra sy ny zavatra rehetra izay azony idirana, miteny amin'ireo alikaolika fa misy fanantenana iray, ary ao amin'i Kristy izany.

24 Tena nanana enta-mavesatra izy nohon'ny rainy. Tsy mihoatra ny afak'omaly, nandritry ny folo minitra, fifampiresahana manokana, efa mpanohana miavaka iray an'ireo fivoriana ilay zazavavy, nandritr'ireo efatra na dimy taona farany, izay nitenenany tamiko, tao anatin'ny tatitra kely folo minitra, tao amin'ilay fiara tarihina, teo amin'ny fifampiresahana iray, izay nanao hoe, "Ranadahy Branham, na inona na inona ataonao, mavesatra entana mafy mihitsy aho nohon'ny raiko. Tia anao izy, saingy tsy hanatona an'i Kristy mihitsy."

25 Hoy aho hoe, "Rosella, Andriamanitra no mahafantatra hoe ahoana no anaovana an'izany. Fantany hoe ahoana no hampanaovana azy an'izany."

26 Ary tonga ny vaovao ankehitriny hoe milevina ao ambanin'ny fiara iray voafatratra vatosokay izy. Ndao isika hivavaka ho azy.

27 Tompo, avy teo amin'ny vavan'io zanakavavy mahatoky io, ary izy mihitsoka ao ambany ao, izay mety ho faty ao ambanin'izany; Andriamanitra, ekeo mba tsy ho faty izy, fa hiandrandra ny fanahiny ka hahatsiaro fa Ianao no Andriamanitra Izay afaka mamaly vavaka eo ambanin'ny antontam-batosokay iray, tahaka ny Nahafahanao tao amin'ilay kibon'ny trozona iray, na tao amin'ilay lafaoro niaraka tamin'ny afo, na tao amin'ilay lavaka niaraka tamin'ireo liona. Tsy miova Ianao. Avohay izy, Tompo, ho Kristiana iray voasasa. Fantatray fa ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa an'ireo izay tia Anao. Ary mivavaka izahay mba ho iray amin'ireo zavatra ireo ity, raha mametraka an'izany eo Aminao izahay, amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

28 Ho an'ny famakiana ny Teny izao hariva izao, ao amin'ny Bokin'ny Mpanjaka Faharoa, maniry aho ny hamaky ao amin'ny toko faha-2, ho an'ny lahateny iray kely fotsiny, mba hahitana foto-kevitra iray, raha sitrapon'Andriamanitra.

> *Ary izao no niseho,* fa *rehefa nampakatra an'i Elia* ho any *an-danitra tamin'ny tafio-drivotra ny* T*OMPO*, *dia nandeha niaraka tamin'i Elisa avy tany Gilgala i Elia.*
>
> *Ary hoy Elia tamin'i Elisa hoe, Mijanòna* ianao *eto, miangavy anao aho; fa ny* T*OMPO efa naniraka ahy*

> *hatrany Betela. Fa hoy* Elia *taminy hoe, Raha velona koa ny* T*OMPO*, *ary raha velona koa ny ainao, dia tsy handao anao mihitsy aho. Noho izany dia nidina nankany Betela izy ireo.*
>
> *Ary ireo zanaky ny mpaminany…izay* tao *Betela dia nivoaka nankany amin'i Elisa, ka nanao taminy hoe, Fantatrao ve fa anio no hanesoran'ny* T*OMPO* *ny tomponao hiala ho any ambonin'ny lohanao? Dia hoy izy hoe, Eny, fantatro izany; hazòny…ny filaminanareo.*
>
> *Ary hoy Elia taminy hoe, Elisa, mijanòna ianao eto, miangavy anao aho; fa ny* T*OMPO* *efa naniraka ahy ho any Jeriko. Fa hoy izy hoe, Raha velona koa ny* T*OMPO*, *ary raha velona koa ny ainao, dia tsy handao anao mihitsy aho. Noho izany dia* nandeha *nankany Jeriko izy ireo.*
>
> *Ary ireo zanaky ny* mpaminany*…izay* tany *Jeriko dia nanatona an'i Elisa, ka nanao taminy hoe, Fantatrao ve fa anio no hanesoran'ny* T*OMPO* *ny tomponao hiala ho any ambonin'ny lohanao? Ary izy namaly hoe, Eny, fantatro izany; hazòny…ny filaminanareo.*
>
> *Ary hoy Elia taminy hoe, Mijanòna* eto, *miangavy anao aho, fa ny* T*OMPO* *efa naniraka ahy ho any Jordana. Fa hoy izy hoe, Raha velona koa ny* T*OMPO*,*…raha velona koa ny ainao, dia tsy handao anao* aho. *Dia nandeha izy roa.*

29 Ny Tompo anie hanampy ny Fitahiany amin'Ny Teniny. Ny lohahevitro ho an'izao hariva izao dia: *Lehilahy Nantsoin'Andriamanitra.* Ary hiezaka aho ny ho fohy mihitsy arak'izay vita, satria manana laharam-bavaka lehibe iray ho avy isika afaka minitra vitsy fotsiny, fa, mba hanomezana anareo fijery kely fotsiny an'ireo fotoana izay iainantsika.

30 Rentsika io antsoantso eo amin'ny radio io, ary amin'ny toerana samihafa, ary avy amin'ny fo tso-po hoe, "Tompo, omeo fifohazana izahay amin'ny andronay." Ary avy amin'ireo taratasy avy amin'ireo Kristiana manerana an'izao tontolo izao, dia mandre an'izany antsoantso izany isika, ary manao zavatra eo amin'ny fonareo izany. Manindrimandry izany. Manandratra izany. Mamelombelona izany, an'ny fanahy, ny mandre ny vahoakan'ny Tompo miantso fifohazana iray.

31 Ary Andriamanitra dia nanao teny fikasana iray hoe, "Raha ny olona izay nantsoina tamin'Ny Anarako no hanangona ny tenany miaraka ka hivavaka, amin'izay fotoana izay dia hihaino Aho any An-danitra."

32 Ary noho izany isika, izao hariva izao, dia te-hieritreritra an'izany. Ary tsarovy, fa, eo afovoan'io antsoantso rehetra io, dia tsy afaka handefa fifohazana iray Andriamanitra raha tsy efa manana lehilahy mendrika hitondra an'izany Izy. Tsy afaka hanana fifohazana iray isika raha tsy manana lehilahy, lehilahy

nantsoin'Andriamanitra, lehilahy nofanin'Andriamanitra, izay tsy niofana tao amin'ireo sekolin'ny teolojia sy ny fampianarana, fa lehilahin'ny finoana matanjaka, izay nobeazin'Andriamanitra tao amin'ny sekolin'ny Fanofanany matanjaka. Lehilahy izay tsy matahotra hiatrika ny afo! Lehilahy izay tonga eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra; ka mahafantatra ny Heriny, sy mahafantatra ny Faratampon'ny heriny, ary mahafantatra ny Heriny manasitrana! Lehilahy sasany izay nofanina hahafantatra an'ilay Andriamanitra velona! Mety tsara ny manofana azy ireo amin'ny Teny, saingy, "Ny soratra mamono; ny Fanahy no manome Fiainana."

33 Ary alohan'ny ahafahantsika manana an'io fifohazana io, dia tsy maintsy miantso sy manofana lehilahy Andriamanitra, lehilahy nofanin'Andriamanitra, hitondra an'ity Hafatra ity. Ary tsy ahoan'izy ireo izay fanoherana. Vonona ny handeha hankeo amin'ilay lafaoro afo ao amin'ny faharesena izy ireo, na hankeo amin'ny lavaky ny liona, na mety ho inona ilay izy. Vonona ny handeha izy ireo, satria efa tao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra izy ireo, ary mahafantatra fa misy Izy. Na ho an'ny fandresena na faharesena ilay izy, dia mbola mijoro ho tsy miova foana izy ireo. Izany no karazana fanofanana ataon'Andriamanitra amin'ny lehilahy. Ary tena hafahafa ny mieritreritra fa hanao an'izany Andriamanitra, hoe tahaka an'izany no anofanan'Andriamanitra ny Lehilahiny, saingy manao Izy. Fantatrareo, fa manana hira fahiny iray isika izay hiraintsika hoe:

Ny sasany amin'ny alàlan'ny rano, ny sasany amin'ny alàlan'ny tondra-drano,
Ny sasany amin'ny alàlan'ireo fizahan-toetra lalina, saingy ny rehetra amin'ny alàlan'ny Rà.

34 Andriamanitra dia mitarika ny Olony amin'ny alàlan'ireo fizahan-toetra lehibe, mba hanadiovana azy ireo. Ary indraindray izany dia mila taona maro hanaovana azy. Ary ho an'ny tenako, izao hariva izao, mino aho fa izao ankehitriny izao Andriamanitra dia manofana lehilahy tahaka an'izany mba hiatrika ny laharana eo aloha, lehilahy izay hihoatra, ary, matetika, voahozongozona hatrany amin'ny tongony. Indraindray dia toy ny hoe mirodana ilay zavatra manontolo, kanefa, eo afovoan'izany rehetra izany, dia mahafantatra an'io Andriamanitra velona io izy ireo ka manohy mijery mankany aloha, ary manohy mandroso.

35 Ary maro ny olona mivavaka ho an'ny fifohazana, manontany aho indraindray raha izy ireo, raha ireo izay mivavaka, raha tsy ny vavak'izy ireo manokana no manentsina an'ireo fantsakan'ny fitahiana. Rehefa kanosa sy matahotra ny hatoky an'Andriamanitra izy ireo, matahotra ny handray Azy amin'Ny Teniny, matahotra ny hino fa mbola velona foana Izy

amin'izao andro izao, nefa milaza mazava Ny Baiboliny, hoe, "Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay."

36 Andriamanitra dia tsy miantso, tena mahalana, an'ireo lehilahy manan-tsaina, ilay nampianarina, ilay mahay. Manao ny anjarany izy ireo, ary lehilahy malaza izy ireo. Saingy mazàna rehefa tian'Andriamanitra ho vita ilay asa, dia maka olona iray Izy izay zara raha mahafantatra ny ABD-ny. Diniho ny Soratra. Jereo manerana ny tantara. Ireo lehilahy izay nidika zavatra iray amin'Andriamanitra dia tsy lehilahy izay nanana fianarana lehibe, fa lehilahy izay, eny, tsy nanana fianarana, fa faniriana iray fotsiny tao am-pony hanompo an'Andriamanitra. Naka an'ilay mpiasa tany Izy, ilay mpiandry ondry, ilay mpanjono, ilay mpihaza, ireo izay niaina tao anatin'ny natiora. Tao anatin'izany fitoniana sy fahanginan'ny natiora izany, tao no nahafahan'Andriamanitra niresaka tamin'izy ireo. Ary izany no Nantsoiny.

37 Ary raha hitan'izy ireo izany, rehefa manome antso iray ho an'ny mahay malaza iray Izy, io olona io amin'ny farany dia miverina amin'ireo fiheverany ara-tsaina. Ary afaka kelikely, rehefa tonga eo amin'ilay zava-mahagaga ilay izy, dia mifangaro loatra amin'ny olon'izao tontolo izao izy, mba hanaiky ny tahaka an'izany. Noho izany, farany dia miafara ao amin'ny anaram-piangonana iray izy, ary manohy mivily ka lasa mpitoriteny iray. Ary mety tsara izany, ary tsy manana na inona na inona manohitra an'io olona izay hanao an'izany io aho.

38 Fa rehefa vonona hanao zavatra any amin'ny faritra ivelan'ny voajanahary Andriamanitra, mazàna Izy dia maka lehilahy iray izay Azony ametrahana ny Fahatokiany, ary manosotra azy sy maniraka azy, ary tsy manan-tahotra izy eo amin'ilay asa. Izany no karazana lehilahy izay ilaintsika amin'izao andro izao; tsy manam-pahaizana voalambolambo, fa lehilahy mahafantatra an'Andriamanitra amin'ny Herin'ny Fitsanganany.

39 Ohatra, nisy lehilahy iray ao amin'ny Baiboly, amin'ny anarana hoe Mosesy, izay nahazo ny fiofanany rehetra. Fantany ny teolojia rehetra. Fantany ny zavatra rehetra izay tokony ho fantany. Izy . . . Raha nila fianarana izy, dia afaka nampianatra an'ireo tompo tany Israely izy, na, tany Egypta. Tsy nila zavatra iray izy. Ary ny Baiboly dia miteny amintsika fa nampianarina tao amin'ny fahendrena rehetra an'ireo Egyptiana izy. Nahoana, afaka nampianatra an'ireo manam-pahaizan'izy ireo izy. Afaka nampianatra an'ireo siantifikan'izy ireo izy, an'ireo zavatra. Izy no fanalahidy amin'ny lafiny rehetra, rehefa tonga eo amin'ny hoe ara-pahaizana ilay izy. Saingy, kanefa, nila efapolo taona Andriamanitra mba hanesorana an'izany rehetra izany hiala aminy, tany amin'ireo tany efitra. Ary rehefa nesoriny niala taminy ireo fiheverany ara-tsaina rehetra mikasika an'Andriamanitra, tany amin'ireo tany efitra, dia efa vonona ny holasirina ilay metaly.

40 Tahaka an'izany no hakan'Andriamanitra an'ireo Lehilahiny sy hanafoanany an'ireo tahotrany rehetra sy ireo fahaizany rehetra, ary avy eo ilay Lehiben'ny Mpanefy tanimanga lehibe dia mametraka azy ireo eo amin'ny kodiarana ary manomboka mandasitra azy ireo indray. Mpiasa, mendrika! Izany no lehilahin'Andriamanitra. Iza no afaka manofana lehilahy iray mihoatra noho Andriamanitra Izy tenany? Diniho ny fomba Anofanany azy ireo.

41 Hieritreritra iray hafa indray isika, amin'ny anarana hoe Davida. Nanofana an'i Davida Andriamanitra fony izy zazalahy kely iray fotsiny. Tonga i Samoela mpaminany ary nandraraka diloilo teo amin'ny lohany, ka nanosotra azy, satria hanofana an'i Davida ho mpiady mahery Andriamanitra. Ary jereo ilay fanofanana Nomeny azy.

42 Namaky aho, fotoana vitsy lasa izay, teto tao amin'ny Green's Mill, izay andehanako mivavaka mazàna, izay nilazan'Andriamanitra tamin'i Davida hoe, "Avy tao amin'ny valan'ondry no Nakàko anao, rehefa nanaraka an'ireo ondry vitsin'ny rainao tany, ary Nataoko anarana iray lehibe tahaka ny an'ireo lehilahy malaza eo ambonin'ny tany ianao."

43 Ary mieritreritra ny fanofanana mafy Nataony tamin'i Davida aho. Tsy nampianariny tao amin'ny sekoly iray mihitsy izy, fa Nampianariny tao amin'ny Sekoliny manokana izy. Mpihaza iray sy mpiandry ondry iray i Davida. Ary ao amin'ny Salamo no nanoratany ny amin'ireo ahi-maitso sy ny rano milamina, satria irery izy tany, irery. Tsy voaloton'ireo zavatr'izao tontolo izao izy.

44 Andriamanitra dia tsy maintsy manao lehilahy iray hiala lavitra an'ireo zavatr'izao tontolo izao, mba Ahafahany mampangina azy, mba hahafahany mihaino an'Andriamanitra, ilay Feo malefaka, kely. Avy eo, vantany vao nifandray tamin'Andriamanitra, dia lasa tsy nanan-tahotra izy tamin'izay. Mariho fa tsy miraharaha an'izay lazain'iza na iza izy; efa tao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra izy. Mahafantatra an'Andriamanitra tao amin'ny Herin'ny Fitsanganany izy.

45 Ary noho izany, Davida, hitantsika izy. Indray andro, dia navelan'Andriamanitra ho tonga ny bera iray ary naka ny iray tamin'ny ondriny. Nenjehan'i Davida fotsiny io bera io. Tsy isalasalana fa nivavaka izy, satria taty aoriana kely dia niaiky an'izany izy. Ary nivavaka izy ka nangataka tamin'Andriamanitra. Izy no mpiandry an'io ondry io. Tsy afaka nanary an'io ondry io izy. Ary tsy maintsy namonjy an'io ondry io izy, tamin'ny vidiny rehetra. Ary norambasany ny antsamotady keliny, ka nenjehiny io bera io ary novonoiny izy. Tsy maintsy namonjy an'io ondry io izy. Hitanareo ve hoe ho an'ny inona no nanofanan'Andriamanitra azy?

46 Tian'Andriamanitra hamonjy ny ondry ireo Mpiandry ondriny, tsy mampaninona izay tsy maintsy hiantsoana azy sy izay tsy maintsy handalovany. Vonjeo ireo ondry ireo!

47 Avy eo dia Hitany fa nahery fo teo amin'io bera io i Davida, noho izany dia Nampiakariny ho lehibe kely kokoa ny herin'ilay biby, ary nandefa zanak'ondry Izy . . . liona iray niditra ka naka ny iray tamin'ireo zanak'ondry.

48 Ary ny liona dia biby masiaka iray. Oh, tany Afrika, fony aho nihaza azy ireo . . . Afaka mamono lehilahy folo ny liona alohan'ny ahafahanareo hanao hoe, "Jack Robinson." Oh, bibidia mahery, lehibe! Miaraka amin'ny fieronana iray ary, fotsiny, dia levona ireo lehilahy. Ary ilay anankiray izay maty eo ambanin'ny herin'ny liona dia tsy mahatsiaro marary mihitsy. Mampatahotra tokoa izany, ny mandre an'io fieronana izay omeny io. Ireo tongotra goavambe lehibe, tao anatin'ny iray segondra fotsiny, no nanorotoroany lehilahy roa ambin'ny folo.

49 Ary ny mieritreritra, ny zazalahy kely iray! Nilaza ny Baiboly fa izy dia "mena hoditra." Izany dia midika fa izy dia . . . zazalahy iray bitika kely fotsiny, niaraka tamin'ny antsamotady kely iray. Fantatrareo hoe inona izany, tapaka hoditra kely iray misy tady iray eo amin'ny andaniny tsirairay. Ary liona noana iray, izay efa nanana ny tsiron-drà tao am-bavany, no tonga ka nandramby ondry iray. Niandrandra nankany amin'Andriamanitra i Davida, ka nanao hoe, "Tsy afaka hanary an'io anankiray io aho. Hanampy ahy anie Ianao, Tompo." Ary nalavony ilay liona, tamin'ilay antsamotady. Ary rehefa nitsangana hamely azy ilay liona, io zazalahy kely io, nefa ilay liona dia nilanja teo amin'ny dimanjato livatra, na mihoatra, io zazalahy kely io dia nilanja angamba fitopolo na valopolo. Nosintoniny, avy teo amin'ny fehikibo keliny, ilay antsy. Ary rehefa nitsangana ilay liona, izay ho namono lehilahy folo tamin'ny felaka vitsivitsy, dia norambasany tamin'ny volombavany ilay liona ary novonoiny izy.

50 Fahasahiana! Tsy mila kanosa Andriamanitra. Tsy afaka mampiasa anareo Izy raha matahotra ny handray Ny Teniny ianareo ka hino Azy. Mila lehilahy mahery fo Izy, tsy hiraharaha na inona na inona afa-tsy izay lazain'ny Tompo. Izany ilay karazana tsy maintsy Ihetsehany. Tsy mampaninona izay lazain'ny fiangonana, izay lazain'ny pasitera, izay tohanan'ny fiangonana; manohana an'Andriamanitra sy ny fahamarinana izy, ary Ny Teniny. Izany no lehilahy izay isika . . . Handefa an'ireo andro ireo Andriamanitra ho an'ny Fifohazany izay ivavahan'ny Olony.

51 Taona maro taty aoriana, rehefa nandeha nihaona tamin'ireo rahalahiny izy tao amin'ilay ady, dia nisy olombe antitra goavana iray teo, efatra ambin'ny folo inch ireo rantsan-tànana. Ary nihambohambo izy, ka nanao hoe, "Aoka ho tonga ny

olona iray ankehitriny hiady amiko. Raha afaka mikaravasy ahy ianareo, dia hitolo-batana aho, ary ny mifamadika, ary hanompo izahay." Izay mitolo-batana dia, mazava ho azy, fa ho ilay anankiray izay mahavery.

52 Tahaka an'izany no tian'ny devoly hanaovana azy. Rehefa mihevitra izy fa mihoatra anareo, dia hiteny aminareo izy hoe, "Tsy afaka hahavita an'izany ianao. Tsy afaka hitory ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra ianao ao amin'ny fiangonana Metodista, fiangonana Batista." Eny, ianareo mpitory teny Metodista mifandraisa amin'Andriamanitra indray mandeha fotsiny, dia jereo raha afaka ianareo na tsia. Ah-hah. Tsy hanao an'izany mihitsy ianareo miaraka amin'ny teolojianareo izay ampianarin'izy ireo. Tsy maintsy mifandray amin'Andriamanitra ianareo ary mahafantatra fa misy Izy.

53 Hoy izy ireo hoe, "Ireo vahoaka Pentekotista." Taona vitsy lasa izay, nisy andian'olona nitsangana teo amin'ny zorondàlana, tsy nisy tra—tranobe iray akory aza azon'izy ireo nidirana. Fa efa namaky ny *Life* magazina ve ianareo, indray andro, izay nolazain'izy ireo mikasika azy ireo? Izany no iray amin'ireo zava-mahagaga lehibe indrindra izay hany fantatr'ity taona ity, dia ny fiakaran'ny fiangonana Pentekotista. Izany tokoa. "Ary izy ireo dia mamokatra niova fo betsaka kokoa ao anatin'ny taona anankiray noho ny vokarin'ny sisa rehetra amin'ny fiangonana, atambatra." Izany no nolazain'ny *Life* magazina. Nahoana? Mety mikorontana izy ireo amin'ny zavatra sasany, saingy, rahalahy, mahery fo izy ireo; mitsangana eo, mafy orina, ary miantso ny mainty hoe "mainty" ary ny fotsy hoe "fotsy." Rehefa miseho ny fifohazana amin'ny farany, dia hiseho eo anivon'izy ireo izany. Diniho ka jereo raha tsy izany ilay izy. Ho voahitsy izy ireo, indray andro any.

54 Ary, Davida. Rehefa nametraka ny fiadiany teo aminy i Saoly, ka nanao hoe, "Davida, raha hiady amin'io olombe io ianao," hoy izy, "nahoana, tsy misy afa-tsy zazalahy iray fotsiny ianao, tanora iray fotsiny, nefa izy dia efa mpiady hatramin'ny fahatanorany, ahoana no ahafahanao hiady aminy?"

55 Henoy ity Davida kely ity. Hitanareo, tsy tahaka an'izao no nilazany azy hoe, "Saoly, manaja anao, tompoko. Nandefa ahy tany amin'ny sekolin'ny gramera ny raiko, kolejy, sekoly ambony. Izaho manana ny Ph.D. Izaho—izaho—nampitaovana hanao an'io aho. Lehilahy manan-tsaina aho." Tsy tahaka an'izany mihitsy no nilazany azy.

56 Hoy izy hoe, "Tompoko," hoy izy, "rehefa niandry ny ondrin'ny raiko aho tany, dia tonga ny bera iray ary naka anankiray, dia novonoiko izy. Ary tonga ny liona iray ary naka anankiray, dia nalavoko izy. Ary rehefa nitsangana izy, dia novonoiko." Ary hoy izy hoe, "Ilay Andriamanitra izay nanafaka ahy tamin'ireo tongotry ny bera sy ny liona, dia afaka manafaka

ahy koa amin'ny tànan'io Filistina tsy mifora io." Lehilahy iray nofanin'Andriamanitra!

57 Nitsangana teo i Saoly niaraka tamin'ny fiofanana rehetra izay azon'ny olona rehetra ananana, hahafantarana hoe ahoana no hiadiana. Tsy nahafantatra na inona na inona mikasika ny sabatra iray i Davida. Tsy nahafantatra na inona na inona mikasika ny ampinga iray izy. Eny, nandeha Saoly ka nametraka ny fiadiany goavana be teo aminy, ary nitsangana i Davida kely saiky bingo tongotra. Hitan'izy ireo fa tsy nety tamin'ny lehilahin'Andriamanitra iray ny akanjon'ny mpitondra fivavahany; nanorotoro azy fotsiny izany. Ary ireo fanekempinoantsika rehetra sy ny sisa dia tsy hifanaraka mihitsy amin'ny fitaovan'Andriamanitra any.

58 Oh, ahoana no ahafahantsika manohy sy manohy, ary milaza an'ireo maro, maro samihafa. Saingy, ao amin'ny lahatenintsika avy hatrany, mba handehanana haingana.

59 Efa antitra i Elia, ary fantany fa tsy ho ela dia tsy maintsy handao an'izao tontolo izao izy. Ary nahita lehilahy iray Andriamanitra izay lehilahy iray mahitsy fo, izay lehilahy tsara iray. Elisa no anarany. Ankehitriny, raha hanamarika ianareo, ny iray amin'ireo anarana ireo dia Elia ary ilay iray hafa dia Elisa.

60 Ankehitriny, tsy nandeha nankany amin'ireo ara-pototra mihitsy izy, sy ny sisa, ary nandeha ka nahita tao amin'ireo sekolin'ny teolojia, ary nandeha tao amin'ireo sekoly ambony malaza tamin'izany andro izany. Inona no nataony? Nandeha nankany an-tsaha izy ka nahita lehilahy iray niasa tany niaraka tamin'ny omby roa ambin'ny folo nisy zioga. Inona? Elisa, ilay niasa tany, dia nahafantatra hoe ahoana no ankasitrahana ny laharana mahitsy iray. Ary fantany fa raha mitodika mba hijery any aoriana izy, dia hivily hiala amin'ny làlana. Ary fantatr'Andriamanitra fa ny lehilahy iray izay nahafantatra hoe ahoana no hiasana tany amin'ny vavasa mahitsy, dia nahafantatra fa tsy hametraka ny tànany eo amin'ny angadin'omby ka hitodika mba hijery any aoriana mihitsy aza. Tsy niandry mandra-pahazoany ny fianarany mihitsy izy, nivembena nanerana ny làlana. Novonoiny fotsiny ilay omby ka nanao fanatitra iray, ary nandeha niaraka tamin'i Elia, vantany vao nipetraka teo aminy io kapôty io. Vonona izy, nanaiky. Fantatr'Andriamanitra fa afaka hanao azy hahavita Izy.

61 Ankehitriny, tsy maintsy nanome azy fiofanana iray Andriamanitra. Efa nanofana azy Izy hoe ahoana no hihazonana ny masony eo amin'ilay vavasa, niaraka tamin'ny omby roa ambin'ny folo nisy zioga, ary lehilahy iray miasa tany miaraka amin'izy ireo. Nampianatra azy faharetana iray Izy, sy ahoana

no haharetana, ary hanofanana an'ireo omby ireo handeha mahitsy eo amin'ilay tsipika.

62 Tsy maintsy nampiofana lehilahy vitsivitsy Izy, taorian'izany; mihazona azy ireo eo amin'ny Baiboly, eo amin'ny Teny, mahitsy amin'Andriamanitra, mijanona mahitsy eo amin'ilay tsipika.

63 Ary, avy eo, dia tsy maintsy nampianatra azy kely fotsiny Andriamanitra. Hoy izy hoe, "Mijanòna eto ianao ankehitriny, fa izaho handeha ho—ho any Gilgala. Niantso ahy ny Tompo."

64 Ary ilay mpaminany, rehefa nahatsapa an'io Hery io teo aminy izy, io akanjon'i Elia io, dia hoy izy hoe, "Raha velona koa ny Tompo, ary velona koa ny ainao, dia tsy handao anao aho."

65 Nandeha nankany Gilgala, izay ny—ny toerana misy ny fiaikena Kristiana sy ny batisa. Ary noho izany dia hoy izy hoe, "Mijanòna eto fotsiny ankehitriny. Ampy tsara izany. Efa nanao fiaikena sy batisa ianao. Ampy tsara izany. Izaho handeha any *Betela*," izay midika hoe, "ny tranon'Andriamanitra."

66 Ankehitriny, ho mety tsara izany ho an'ny mpitonona maro. "Oh, vao avy nikambana tamin'ilay fiangonana aho ary nahazo fiombonana. Nahoana no tsy mijanona eto fotsiny?"

67 Fa, henoy, tsy afaka nieritreritra tahaka an'izany i Elisa. Efa nahatsapa ny Herin'Andriamanitra izy. Fantany fa nisy nihoatra an'izany ho azy. Noho izany dia hoy izy hoe, "Raha velona koa ny Tompo, ary velona koa ny ainao, dia tsy handao anao aho." Oh, toy ny ahoana no itiavako an'izany!

68 Dia nandeha izy nankany amin'ilay, Betela, nankao amin'ny tranon'Andriamanitra, ka nahita andiana manam-pahaizana tao. Mpitory teny tsara hofana izy rehetra, ary tonga teo dia niteny taminy, nanao hoe, "Tompoko, mba fantatrao moa? Eo amin'ny tendro kelin'ilay tsorakazo ianao. Fantatrao ve fa ho esorina hiala aminao i Elia? Antitra loatra izy. Tsy afaka ho velona ela loatra izy. Ho esorina i Elia, ary hitsangana eo toy ny fanatika iray ianao."

69 Mamelà ahy hiteny zavatra aminareo ankehitriny. Ny lehilahy iray izay hany efa nanandrana an'Andriamanitra, dia tsy hanaiky, na, tsy afaka hampitony ny hetahetany amin'ny famorian-drano iray nataon'olona. Tsy afaka manao an'izany izy. Teo, ireo teolojian'izy ireo rehetra izay nananany tany tao amin'ilay sekolin'ny mpaminany, dia tsy hampitony ny hetahetan'io lehilahin'Andriamanitra io, izay efa nanandrana an'Andriamanitra.

70 Ary nanohy nandresy lahatra azy izy ireo hoe, "Oh, tokony hijanona eto ianao. Ary, nahoana, ao anatin'ny enina herinandro dia afaka hanome anao ny Ph.D.-nao izahay. Ary, fantatrao, tsy ho ela loatra izany, ka mila eo amin'ny fiofanana efa-taona ianao eto, dia afaka hanome zò anao hitory

teny izahay. Fantatrao, raha voaporofo fa mety tsara ianao, dia halefanay any amin'ny anaram-piangonanay ianao." Tsy hahafa-po lehilahin'Andriamanitra iray izany. "Hanofana anao ho mpitoriteny iray izahay, raha hijanona miaraka aminay eto ianao eo amin'ny efatra na dimy taona eo."

71 Tsy nanam-potoana ho an'izany karazan-javatra izany izy. Teny amin'ny làlana mankany amin'io Loharano io izy. Efa lasa tany ambonin'izany izy. Efa nanana ny tsiron'ny Lanitra izy tao amin'ny fanahiny.

72 Ary hoy izy hoe, "Fantatrao ve fa ho esorina ny sefonao?"

73 Ary henoy izay nolazainy. "Eny, fantatro izany. Fa hazòny ny filaminanareo." Amin'ny teny hafa dia hoe, "Tehirizo ny fofon'ainareo. Aza manandrana miteny amiko mikasika an'izany. Aza manandrana miteny amiko an'izay ataoko. Fantatro izay alehako sy izay arahako."

74 Andriamanitra, omeo lehilahy tahaka an'izany izahay, lehilahy voaofan'Andriamanitra izay mahafantatra ny tsy hivily amin'*ity* sy hivily amin'*itsy*.

75 "Fantatro izay halehako. Ary aza miresaka amiko mikasika an'izany. Hazòny fotsiny ny fofon'ainareo. Aza manandrana hanakivy ahy, fa tsy hahavita soa izany."

76 Oh, raha hanana an'izany fahasahiana betsaka izany fotsiny mantsy ireo olona izay ivavahana!

77 "Oh, efa lasa ireo andron'ny fahagagana. Tsy tena nisy izany. Diniho, harary indray ianao."

78 "Hazòny fotsiny ny fofon'ainareo. Aza miteny na inona na inona amiko mikasika an'izany. Manohy mandroso aho. Ho avy ny fifohazana. Andriamanitra no nampanantena an'izany." Oh, ianareo zanakalahin'Andriamanitra, midira mankao amin'izany faritra izany any, tsy manan-tahotra. Tsy manan-tahotra! Raiso amin'Ny Teniny Andriamanitra.

79 "Fantatro fa izy—ho esorina izy. Saingy tsy izany no izaho . . . Tsy manana na inona na inona mahaliana ahy ianareo eto. Ny diplaomanareo rehetra sy ireo Ph.D., sy Bakalorean'ny Literatiora, ary io karazan-javatra rehetra io, tsy mahafa-po ahy. Hazòny fotsiny ny fofon'ainareo."

"Eny, ho potika ianao any."

80 "Eny, raha potika aho, dia avelao aho ho potika. Eo amin'ny làlako aho." Nanohy, nandeha izy.

"Tsy afaka hahatafita an'izany ianao."

81 "Fantatro fa tsy afaka hahatafita an'izany aho, saingy Andriamanitra no hampita ahy," hoy izy.

"Eny, handeha ho any Jordana i Elisa."

"Handeha hiaraka aminy aho."

Mitaky Jordana Andriamanitra amin'ny fiainana tsirairay.

82 Noho izany, dia tonga i Elisa. Hoy izy, "Ankehitriny, Elisa . . ." Ary hoy Elia tamin'i Elisa hoe, "Lehilahy tanora iray fotsiny ianao," zavatra tahaka an'izany angamba, "ary tsy nanana fianarana iray marina tokoa ianao." Niezaka nizaha toetra azy ilay mpaminany antitra. Hoy izy hoe, "Lehilahy tanora iray fotsiny ianao. Tsy nanana fianarana betsaka ianao. Nahoana, ianao tsy . . . Ilay izy dia, raha ny marina, tsy nanana fianarana grameran-tsekoly iray ianao. Ny zavatra tokana fantatrao hatao dia hoe ahoana no hiasana tany. Noho izany dia tsaratsara kokoa aminao ny mijanona eto, ary mety hahazo ny Bakalorean'ny Literatioranao. Hitanao? Tsaratsara kokoa aminao ny mijanona ka mahazo ny diplaomanao."

83 Fa tsy i Elisa, tsy io lehilahy izay efa nikasika an'Andriamanitra indray mandeha io, nahatsapa an'io Herin'ny hosotra teo aminy io. Hoy izy hoe, "Raha velona koa ny Tompo, ary tsy maty mihitsy ny ainao, dia tsy handao anao aho." Nanana tanjona iray izy. Hitany ilay fahitana. Fantany izay hiseho.

84 Dia nandeha nankany Jordana izy roa. *Jordana* dia midika hoe "fahafatesana." Nitsangana teo izy ireo, ilay lehilahy antitra sy ilay lehilahy tanora. Maneho marina tokoa an'i Kristy sy Ny Fiangonany izany. Ary nijanona teo izy ireo, teo akaikin'i Jordana. Teo izy, midina avy any amin'ireo havoanan'i Jodia, ireo fahatondrahana lehibe mierona tahaka an'izany. Ary Elisa, niaraka tamin'ny volony fotsy nihantona nidina teo amin'ny lamosiny, ary ireo masony antitra manjavozavo nijery ny tany ampitan'i Jordana . . . Ary nandinika ny fihetsika tsirairay izay nataony ilay lehilahy tanora. Ny iray, ilay lehilahy tanora, dia niandry fahitana iray, mba hanatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra. Ny iray hafa handeha hody any an-Trano. Teo Jordana izy roa ireo. Elisa, ho azy . . . Handeha hody any an-Trano izy.

85 Nanana fiainana mangidy iray i Elisa. Nanome azy làlan-tsarotra iray handehanana ilay vehivavy mpitory teny tany, Jezebela sy Ahaba. Ary ireo vato sy ny rehetra izay nandalovany! Reraka i Elisa. Ary fantany fa efa niady ny ady tsara izy, ary nahavita an'ilay hazakazaka. Tany ampitan'i Jordana fotsiny no nipetraka ny fisotroan-drononony.

Fa Elisa nanara-maso an'io Fanahy izay teo aminy io.

86 Noho izany, raha mahamarika ianareo, ny mpino tsirairay, rehefa tonga eo amin'ny toerana iray izay tsy maintsy hamoizanareo ianareo, dia hahatsapa an'ireo onja mangatsiakan'i Jordana mitopatopa eo amin'ny tongotrareo ianareo. Handeha hiampita ve ianareo, sa tsia? *Jordana* dia "fisarahana," misaraka.

87 Ary ireo mpitory teny ireo dia nitsangana teo ambonin'ny havoana, foana, nivazavaza an'i Elisa hoe, "Tsaratsara kokoa

aminao ny tsy miampita. Ho lasa lavitra ianao." Mandre azy ireo ianareo, ireo fanamarihana, foana, amin'izao andro izao.

88 Eny, hoy i Elisa hoe, "Raha Andriamanitra no Andriamanitra, ary io no Mpaminaniny, dia izaho no tsy maintsy maka ny toerany, ka mila ny fanahiny aho hanaovana an'izany, tsy mila ny sekolin'izy ireo aho. Raha nanao an'izany ny sekolin'izy ireo, dia izy ireo no ho naka ny toerany. Fa Andriamanitra no niantso ahy hanao an'izany, ka mila ny fanahiny aho."

89 Raha ny sekolin'ireo fiangonana no nandray an'ilay toerana, sy ny Hery natolotr'i Jesosy, dia ho naka an'izany izy ireo, taona maro lasa izay; Metodista, Batista, Katolika, Presbyterana. Fa tsy hanao an'izany mihitsy ilay izy.

90 Mila ny Fanahin'i Jesosy Kristy izany! Ary hiampita an'i Jordana ianareo, ny anaram-piangonana rehetra aorian'izany, ny zavatra hafa rehetra, ary hitsangana irery miaraka amin'Andriamanitra.

91 Noho izany, dia nitsangana niaraka taminy teo Jordana izy. Niandrandra teo i Elisa, nahafantatra, fa any ho any eo, dia hihaona aminy Andriamanitra. Ary nesoriny ny akanjony, ka nitodika nankany amin'ilay lehilahy tanora izy. Dia nokapohiny ilay Jordana. Ary rehefa nikapoka izy, dia nisokatra ilay Jordana. Ary niampita izy ireo, tamin'ny tany maina.

92 Hitanareo, tsy tena ratsy i Jordana, na izany aza, raha misy Zavatra miaraka aminareo hanokatra ny làlana.

93 Oh, rehefa tonga teny amin'ilay ilany hafa izy ireo! Nisy soavaly iray sy kalesy iray nifatotra teo amin'ny kirihitra tsirairay. Nandefa mpiambina iray ilay Mpanjakan'ny mpanjaka hampakatra an'i Elia any an-Trano. Tapitra ny rehetra, ho an'i Elia. Efa leo an'izany izy, teo amin'ny valopolo taona mahery teo, ny fifamaliana tamin'ireo olona tany ireo, ary tokony ho . . . mandalo an'ireo hanoanana sy ny fifandirana, ary ny zavatra hafa rehetra. Vonona ny hody any an-Trano izy. Ary nitodika tany amin'i Elisa izy.

94 Ary te-hahita fahitana iray i Elisa. Oh, nanana ny fianarany rehetra izy, tany izay azony nijanonana. Tsy tonga na aiza na aiza izy ireo. Hanofana azy amin'ny Fanaony manokana Andriamanitra. Noho izany rehefa nijery teo izy, nijery, ny rehetra—ireo kirihitra rehetra ireo dia nifatotra teo, ireo kalesy Afo sy soavaly Afo ireo, nanao zavatra tamin'i Elisa izany. Nahita fahitana iray izy. Eny, rahalahy!

95 Ary rehefa nampakatra an'i Elia Andriamanitra, dia niverina niaraka tamin'ny ampahan-droa tamin'ny Fanahiny izy. Efa vonona ho amin'ny fifohazana izy tamin'izay.

96 Mariho ilay lehilahy arak'izany, zazalahy mpiasa tany iray fotsiny tany aloha. Nataon'Andriamanitra tsy mety maty ny

anarany. Ireo mpaminany rehetra izay nitsangana teo, nandinika azy, tsy maintsy niankohoka teo an-tongony satria nanana ny Herin'Andriamanitra teo aminy izy.

97 Ho avy ny ora izay hanaovan'Andriamanitra an'izao tontolo izao hiankohoka eo an-tongotr'ireo lehilahy sy vehivavy izay nitsoboka sy niampita an'i Jordana, ka nampisaraka azy ireo tamin'ny zavatra. . . ny tenany, tamin'ireo zavatr'izao tontolo izao. Rahalahy sy anabavy, izao hariva izao, na inona na inona ataonareo, na inona na inona eritreretinareo, miampità an'i Jordana miaraka amin'Andriamanitra. Mandehana miampita ka misaraha, avelao any aoriana izao tontolo izao. Avelao Andriamanitra hanofana anareo ho an'ny Asany manokana. Miaina ao amin'ny andro iray alohan'io fifohazana io isika, fa Andriamanitra dia mitady, miezaka hahita an'ireo fo.

98 Jereo. Nahita lehilahy iray amin'ny anarana hoe Paoly Izy, oh, Fariseo iray nanambony tena. Fa tsy maintsy niasa teo aminy Izy, tahaka an'izany, talohan'ny nahafahany ho lasa mpianatra iray. Jereo izay Nataony, nanerana an'ireo taona rehetra, tamin'ireo lehilahy. Tsy maintsy naka azy ireo Izy ary nipaompy ny teolojian'izy ireo hiala tamin'izy ireo. Ary Paoly, vantany vao nahita an'ilay fahitana izy, dia tsy niakatra nankany Jerosalema, nankany amin'i Gamaliela, ilay mpampianatra malaza, ilay malaza indrindra tao Isiraely, izay nampianatra azy. Tsy niverina tany aminy mihitsy izy, mba hanontany azy. Nahoana, tsy nankany Jerosalema mihitsy aza izy, nandritry ny efatra ambin'ny folo taona tatỳ aoriana. Fa nidina nankany Egypta izy, tao amin'ny fivoriam-bavaka iray. Ary tany no namelan'Andriamanitra azy hanoratra Boky maro an'ny Testamenta Vaovao. Hitanareo? Mitady lehilahy Andriamanitra. Nanana olona iray izay Tiany hanoratra an'io Testamenta io Izy, noho izany dia nifidy an'i Paoly fotsiny Izy. Ary namoaka ny teolojiany rehetra niala taminy fotsiny Izy. Ary nilaza i Paoly fa tsy maintsy nanadino an'izay rehetra hany fantany izy, mba hianatra an'i Kristy.

99 Andriamanitra amin'izao andro izao dia miezaka ny hanafoana an'izao tontolo izao hiala amintsika, ary hanao antsika hanafoana ny tenantsika, ka ho lehilahy sy vehivavy tsy manan-tahotra izay tia an'Andriamanitra, ary hijanona miaraka amin'Andriamanitra, ka hiampita an'ilay tsipiky ny fampisarahana, Jordana, mba Ahafahany hampiasa antsika ho an'ny Voninahiny.

100 Izao no ora izay tiako hieritreretanareo mafy. Ary raha tsy mbola niampita an'io toerana io mihitsy ianareo, raha tsy mbola tonga tany ampitan'io tsipika io mihitsy ianareo, izay mbola ilazanareo foana hoe, "Eny, nikambana tamin'ny fiangonana anankiray ny reniko." Mety tsara izany. Tsy maka ny toeranareo izany. Hitanareo?

101 Miantso lehilahy sy vehivavy Andriamanitra, amin'izao andro izao, ho eo amin'ny lohan'ady. Tsy niantso azy ireo hankany Gilgala Izy, tsy niantso azy hankany Jeriko koa Izy, na Betela. Izy dia. . . Ho levona izy ireo. Fa miantso azy ireo hiampita an'i Jordana Izy, mba Ahafahany mampiditra anareo ao amin'ny sekolin'Ny Heriny Manokana, ary manamboatra anareo sy mandasitra anareo.

102 Jereo izay Ataony eto izao ankehitriny izao, mampidina ny Fanahin'Ny Zanany. Manao famantarana sy fahagagana ary zava-mahagaga Izy, izay tsy mbola hitan'izao tontolo izao tao amin'ireo roa arivo taona farany. Ny tontolo siantifika no naka ny sarin'Izany, ilay Andry Afo, ilay Anjelin'ny Tompo. Mihantona ao Washington, DC, izao hariva izao, ny efitranon'ireo zava-kanto ara-pivavahana, ilay Vatana tokana ivelan'ny voajanahary hany voaporofo ara-tsiansa fa nalaina sary. Mamokatra an'ireo Famantarany sy fahagagany iray ihany Izy.

103 Inona izany? Izany no miampita an'i Jordana. Mijanona irery miaraka amin'Andriamanitra. Mipetraka ao amin'ny Lafaoro fanadiovany Manokana. Mipetraka eo amin'ny kodiarana goavana an'ilay Lehiben'ny Mpanefy tanimanga ary mamela Azy handasitra anareo. Izao hariva izao, raha mbola ao amin'ny vavaka isika, raha mbola manatona eo amin'io toerana io isika, dia apetraho eo ambonin'ny Kodiarany mihitsy ny tenanareo, ary manaova hoe, "Tompo, inty aho. Lasiro aho ary ataovy araka ny Fanaonao Manokana." Dia hataon'Andriamanitra izany.

104 Raha mbola manondrika ny lohantsika vetivety fotsiny isika ho an'ny tonom-bavaka iray. Alohan'ny vavaka mihitsy, dia tehametraka an'ity fanontaniana ity amin'ny olona ato anatiny sy ivelany aho. Firy ato no te-handeha am-pahatsoram-po hiaraka amin'i Jesosy hankeo Jordana, izao hariva izao, ary hiampita eo hankany amin'izay ahafahanareo hahita fahitana iray sy hahita hoe midika inona marina tokoa Andriamanitra? Hanangana ny tànanareo ve ianareo? Andriamanitra hitahy anareo. Jereo fotsiny! Ataoko fa misy tànana roanjato ato amin'ny tranobe, mitsangana. Midina mankao Jordana, fa tsy midina mankany amin'ny seminera. Nandalovan'i Elisa mihitsy izany.

Hoy izy ireo hoe, "Mijanòna eto."

105 Hoy izy hoe, "Tsy te-hijanona aho. Nataon'olona io." Ah, tsy hampitony an'io hetahetan'ny lehilahy iray izay mangetaheta an'Andriamanitra io mihitsy izany. Tsy traikefan'ny seminera, tsy misy—tsy misy diplaoman'ny literatiora, sy ny sisa, mihitsy hampitony, hampitony an'io hetaheta io mihitsy, raha tsy efa nisotro avy tamin'io Loharanon'Aina io ianareo.

Ianareo izay nanangana ny tànanareo, mivavaha miaraka amiko ankehitriny.

106 Andriamanitra Malala, mandritr'ireto minitra vitsy an'ny fotoana ireto, ireo lehilahy sy vehivavy mitsangana manerana ny rindrina, zazalahy sy zazavavy; ary ny any ivelany, miankina amin'ny varavarankely; mafana. Kanefa misy zavatra ao anatin'izy ireo, hoe nahazo ny fifantohan'izy ireo Ianao, fa raha tsy izany dia ho nandeha izy ireo. Tsy ho nitsangana teo tahaka an'izao izy ireo.

107 Tompo Andriamanitra, satria fantatr'izy ireo fa olombelona fotsiny izy ireo. Ary namaky izahay tao amin'ny gazety fa ny iray amin'ireo ben'ny tanànanay hajaina teo aloha izay nihaino an'ilay Filoha-Lefitra niteny, dia nesorina. Ny iray hafa tao amin'ny lalao base-ball iray, indray hariva, lehilahy malaza iray, lasa tampoka. Ary ny fanahin'izy ireo dia any ho any izao hariva izao. Andriamanitra, ho izany no làlanay indray andro any. Angamba tsy amin'ilay fanao iray ihany, saingy tsy maintsy mandeha izahay.

108 Ary aoka ny olona ho tonga saina ka hahalala fa ny mikambana fotsiny amin'ny fiangonana dia tsy izany no Takinao. Mila lehilahy ho feno ny Fanahy Ianao, nateraka, voakapa, nodoran'ny Fanahy Masina, voaisy marika, lehilahy izay efa niampita an'ilay tsipika, lehilahy nantsoin'Andriamanitra. Ary mino izahay fa handefa ny fifohazana izay ivavahan'i Billy Graham sy ireo maro hafa Ianao. Rehefa afaka manao an'ireo lehilahy ho irery Ianao, lavitry ny sekolin'ny teolojian'izy ireo, lavitr'ireo fombany manambony tena, lehilahy tsy manan-tahotra, lehilahy manana—manana toetra miaraka Aminao, izay mino Anao sy mandray Anao amin'Ny Teninao.

109 Andriamanitra, enga anie ny maro amin'ireo mitsangana manatrika ankehitriny, izay hanome an'izay rehetra ananany ho an'ny Tompo Jesosy, ka hahafoy an'izao tontolo izao, hanohy handeha hihoatra an'i Gilgala, ilay toeran'ny fiaikena sy ny fiandohana Kristiana. Hanohy handeha hihoatra an'ilay sekolin'ny mpaminany izay nipetraka tany niaraka tamin'ny teolojian'izy ireo. Hanohy handeha hatrany Jordana, eo amin'ny fahitana misokatra iray rehefa hiampita izy ireo, hahita fa mbola velona foana ilay Andriamanitra velona.

110 Taty aoriana dia hitanay ity mpaminany ity mijery manodidina azy, ary teo ireo Anjely Afo iray ihany ireo, sy ireo kalesy, tany Dotana, indray andro.

111 Mbola eto foana Ianao izao hariva izao, Tompo. Antsoy ireo Lehilahinao, antsoy ireo Vehivavinao, ireo Zazalahinao, ireo Zazavavinao, Tompo. Mitenena fiadanana ao am-pon'izy ireo ary aoka izy ireo hiampita, any ankoatr'ireo zavatr'izao tontolo izao. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy sy nohon'ny Aminy izahay. Amena.

112 Te-hihira an'izany vetivety fotsiny aho, tena moramora ao amin'ny fanompoana.

> Ataovy ny Fombanao Manokana, Tompo!
> Ataovy ny Fombanao Manokana!
> Hazòny eo ny tenako
> Hery tanteraka!
> Lasiro aho ary amboary aho
> Araka ny Sitraponao,
> Raha mbola miandry aho,
> Manolo-tena ary milamina.

Ny rehetra miaraka ankehitriny, amin'ny fomba fanompoana iray.

> Ataovy ny Fombanao Manokana . . .

Ankehitriny atokany ho an'izany hira izany ny tenanareo, amin'ny alàlan'izany hira izany, ho an'Andriamanitra.

> Ataovy ny Fombanao Manokana!
> Hazòny eo ny tenako
> Hery tanteraka!
> Lasiro aho ary amboary aho
> Araka ny Sitraponao,
> Raha mbola miandry aho,
> Manolo-tena ary milamina.

113 Moramora ankehitriny, ao amin'ny fanompoana ankehitriny. Aza mijery ny manodidina, mijere an'Andriamanitra fotsiny.

> Ataovy ny Fombanao Manokana . . .

Matotra amin'izany marina tokoa.

> Ataovy ny Fombanao Manokana!
> Ianao no Mpanefy tanimanga;
> Izaho no tanimanga.
> Lasiro aho ary amboary aho
> Araka ny Sitraponao,
> Raha mbola miandry aho,
> Manolo-tena ary milamina.

114 Mino aho fa tena tsara izany. Tianareo ve ny manompo? Tapitra ny Hafatra ankehitriny. Ndao fotsiny isika hanompo, iray minitra, miaraka amin'ny lohantsika miondrika, izany hira izany indray. Matotra amin'izany avy amin'ny fonareo.

> Ataovy ny Anao . . .
> Ataovy ny Fombanao Manokana!
> Ianao no Mpanefy tanimanga;
> Izaho no tanimanga.
> Lasiro aho ary amboary aho
> Araka ny Sitraponao,
> Raha mbola miandry aho,
> Manolo-tena ary milamina.

115 Tompo, ekeo izao: Enga anie ny tsirairay avy, manomboka amin'ireto ankizy kely ireto ka hatramin'ny lehilahy sy vehivavy zokiny indrindra eo amin'ny Fanatrehana Masina, enga anie ny Fanahy Masina hiasa eo amin'ny finoan'izy ireo izao ankehitriny izao ka hanaisotra an'ireo fisalasalana rehetra, ny tsy fahombiazana kely rehetra, ka enga anie izy ireo ho voalasitra araka ny Sitraponao. Raha mbola eo amin'ny Kodiaram-pandasiranao lehibe izy ireo, dia mametraka ny fanahinay izahay ho an'ny fanokanan-tena, fandasirana indray. Ekeo izany, O Andriamanitra, amin'ny Anaran'i Jesosy, Ilay Zanakao. Amena.

116 Tiako fotsiny izany. Ary ianareo? Mahatsapa fotsiny ny Fanahy Masina am-pilaminana. Oh, taorian'ny Hafatra mafy iray, ary avy eo ilay hamamin'ny Fanahy Masina! Izany dia tonga amin'ny alàlan'ny Teny. Hihira andininy iray an'izany aho, na hanandrana an'izany.

Mitete rà izany, eny, mitete rà izany,
Ity Filazantsaran'ny Fanahy Masina ity, mitete rà izany,
Ny ràn'ireo mpianatra izay maty ho an'ny Fahamarinana,
Ity Filazantsaran'ny Fanahy Masina ity dia mitete rà.

Ny voalohany maty ho an'ity drafitry ny Fanahy Masina ity,
Dia i Jaona Mpanao-batisa, saingy maty tahaka ny olona iray izy;
Avy eo dia tonga ny Tompo Jesosy, nohomboan'izy ireo Izy,
Nitory Izy fa ny Fanahy no hamonjy ny olona ho afaka amin'ny fahotana.

Teo koa i Petera sy i Paoly, ary i Jaona ilay masina,
Nahafoy ny ainy izy ireo mba ahafahan'ity Filazantsara ity hamiratra;
Nafangaron'izy ireo ny ràny, tahaka an'ireo mpaminany fahiny,
Mba hitenenana an-kitsim-po ny Tenin'Andriamanitra marina.

Avy eo dia notorahan'izy ireo vato i Stefana, nitory nanohitra ny fahotana izy,
Tena nampahatezitra azy ireo izy, ka notorotoroin'izy ireo ny lohany;
Fa maty tao amin'ny Fanahy izy, nanolotra ny fanahy izy,
Ary nandeha nikambana tamin'ireo hafa, ilay vahoaka mpanome aina.

Ireo fanahy eo ambanin'ny alitara, dia miantsoantso hoe, "Mandra-pahoviana?"
No hanasazian'ny Tompo an'ireo rehetra izay nanao ratsy;
Fa mbola hisy maro izay hanolotra ny ràn'ny ainy
Ho an'ity Filazantsaran'ny Fanahy Masina ity sy ny Oniny jaky.

Ny rehetra miaraka ankehitriny.

Mitete rà izany, eny, mitete izany,
Ity Filazantsaran'ny Fanahy Masina ity, mitete rà izany,
Ny ràn'ireo mpianatra izay maty ho an'ny Fahamarinana,
Ity Filazantsaran'ny Fanahy Masina ity dia mitete rà.

117 Inona izy ireo? Lehilahy nofanina sy nantsoin'Andriamanitra. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Ahoana no hany ahafahan'Andriamanitra hampiasa kanosa iray hampidirana Ny Teniny? Matahotra izy. Izany no antony tsy ahafantaran'izy ireo na inona na inona mikasika an'Izany. Ireo lehilahy izay tsy matahotra, izay noforàn'Andriamanitra tamin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, ao anatiny ao no ipetrahan'Andriamanitra. Na hanisy tombokase ny ràny fotsiny izy na tsia, ny fanambarany amin'ny ràny; tsy ahoany. Kristy no ivelomany. "Fa Kristy no ivelomako, ary ny fahafatesana no tombony." Tahaka an'izany no tsapan'izy ireo mikasika an'izany. Amena.

118 Ankehitriny dia izao no fotoana ho an'ny laharam-bavaka. Ary laharam-bavaka iray aloha be izany, eo amin'ny valo ora sy roapolo mihitsy. Fa te-hivavaka ho an'ny olona izahay. Ary tiako ianareo ankehitriny, ity . . . Ny toriteny rehetra izay azontsika hatao dia tsy—tsy hitaha amin'ny Teny anankiray avy amin'Andriamanitra Izy tenany.

119 Ankehitriny mba hanombohana an'ilay laharam-bavaka, satria, nampanantena izahay ny hivavaka ho an'ny rehetra. Hataonay izany, raha sitrapon'Andriamanitra. Izahay, isan-kariva, dia mizara karatra fangataham-bavaka. Ary milaza, ao amin'izany, fa . . . Isan-kariva dia miantso vondrona iray avy eo izahay, ho an'ny fahaiza-mamantatra. Fa ny olona, amin'izay fotoana izay, ny sasany tamin'izy ireo dia niainga tamin'io hariva io. Nanana fivoriana lehibe iray izahay, ary nilatsaka ny Fanahy, fa niainga ny olona. Ary ny hariva manaraka dia tsy maintsy nizara betsaka izahay.

120 Ary raha tsy diso aho, tsy mijery an'i Fannie Wilson mitsangana ery aoriana ery ve aho? [Hoy Ranabavy Wilson hoe, "Marina izany."—Mpand.] Tsaroako nitondra an'io vehivavy io, teo amin'ny fito ambin'ny folo . . . Oh, mihoatra noho izany,

eo amin'ny roapolo-. . .["1932."] 1932, teo am-pahafatesana, voan'ny TB, ary nandao azy ny dokoteran'ity tanàna ity. Ary tratry ny fahaverezan-drà izy hany ka mandon'ny rà ireo bodofotsy sy ny zavatra rehetra. Tonga ny vadiny sy ny zananivavy ka naka ahy, indray maraina. Nandeha tany aho ary niantso teo aminy, ny Anaran'ny Tompo Jesosy. Ary teo amin'ny andro vitsivitsy taty aoriana, tao anatin'ny ririnina mangatsiaka, dia nataoko batisa tamin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy izy, teo amin'ny renirano. Ary nandeha teny an-dàlana izy, taorian'ny kamiao tranainy iray an'ny biby fiompy, mando arak'izay nety naha-izy azy. Mbola velona izy izao hariva izao, satria Kristy no nanao an'izany. Fotoana voalohany nahitako azy tao anatin'ny taona maro. Mijery manodidina eo amin'ny mpanatrika aho, mahita an'izany.

121 Mbola velona foana Andriamanitra. Marina izany. Ary hoy Izy hoe, "Satria velona Aho, dia afaka ho velona koa ianareo."

122 Ankehitriny dia tiako ny, ny somary hametraka aminareo fotsiny hoe inona izany, satria, raha tsy manao an'izany aho, amin'izay fotoana izy dia mety handeha ianareo ka hanao hoe, "Eny, tsy azoko izany."

123 Ankehitriny, ny hevitra tohanako dia ity, hoe, "Jesosy Kristy dia mijanona ho tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Ankehitriny, raha tsy miova Izy, dia tsy maintsy tsy miova Izy amin'ny fitsipika tsirairay, tsy miova amin'ny—amin'ny hery, tsy miova amin'ny tanjaka, tsy miova amin'ny zavatra rehetra izay naha-izy Azy.

124 Ary fony teto an-tany, dia nisy Grika sasany, indray mandeha, izay tonga ka nanao hoe, "Tompokolahy, te-hahita an'i Jesosy izahay."

125 Ary mino aho fa izany no fanirian'ny lehilahy na vehivavy rehetra izay hany nandre ny amin'i Jesosy, te-hahita Azy. Ary raha tsy Izy no tsy miova, dia tsy afaka hahita Azy isika. Fa raha tsy miova Izy, dia afaka mahita Azy isika, raha tsy izany dia niteny zavatra diso Izy. "Fa vetivety foana, dia tsy hahita Ahy intsony izao tontolo izao, fa ianareo no hahita Ahy, satria Izaho," ilay mpisolo anarana, "Izaho homba anareo, ho ao anatinareo mihitsy aza hatramin'ny fahataperan'ny taona." Ary avy eo Jesosy dia nampanantena fa ho ao amin'Ny Fiangonany, manao an'ireo zavatra iray ihany izay Nataony tamin'izany, hatramin'ny fahataperan'ny taona. Ankehitriny, hoy Izy hoe, "Vetivety foana," tsy hahita Azy intsony izao tontolo izao. Eny, noho izany, dia ahoana no hahitantsika Azy? Tsy maintsy mahita Ny Fanahiny isika, raha ao anatintsika Izy, ary io Fanahy io dia tsy maintsy hanao an'ilay zavatra iray ihany izay Nataony tamin'izany, raha tsy izany dia tsy ilay Fanahy iray ihany Izany.

126 "Izaho no Voaloboka, ianareo no sampany." Ary raha isika no mitondra. . .Raha ao amin'ilay Voaloboka ny sampana, dia

hamoa an'ilay karazana voa izay ampamokaran'ilay Voaloboka azy ny sampana. Eny, nivoaka ny Voaloboka voalohany... Ny sampana voalohany izay nivoaka avy tamin'ilay Voaloboka dia sampana pentekotista iray; fahitana, hery, fanasitranana, batisan'ny Fanahy Masina, famantarana sy fahagagana lehibe. Ny sampana manaraka dia tsy maintsy ho ilay karazana sampana iray ihany. Mitohy hatrany amin'ny farany, tsy maintsy ho ilay iray ihany. Izany no nolazain'i Jesosy.

127 Ankehitriny, ndao jerentsika hoe inona Izy omaly. Raha afaka mahita isika hoe inona Izy omaly...Ankehitriny, maka hitsin-dàlana aho, nohon'ny fotoana; hanome toromarika eo amin'ny dimy minitra. Ary raha afaka mahita isika hoe inona Izy omaly, amin'izay fotoana izay dia afaka mahita isika hoe inona Izy androany, ary ho inona mandrakizay. Mety tsara ve izany?

128 Ankehitriny, fony Izy teto an-tany, dia tonga ho ny Mesia Izy, nataon'i Jaona Mpanao-batisa batisa; mbola tsy nanao an'ireo asa. Ary niditra tamin'ny Asam-panompoany voalohany Izy. Iza no nanirahana Azy? Ireo Jiosy.

129 Ankehitriny, fantatsika fa vahoakan'ny olom-pirenena telo ihany no misy eto amin'izao tontolo izao, izany dia: Jiosy, Jentilisa, ary Samaritana; izay vahoakan'i Hama, Sema, ary Jafeta. Jiosy, Jentilisa, ary Samaria.

130 Tsaroanareo ve? Niantso azy ireo i Petera, niaraka tamin'ireo fanalahidin'ny Fanjakana, tamin'ny Andron'ny Pentekosta, tamin'ireo Jiosy. "Mibebaha, ny tsirairay avy aminareo, ary aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy."

131 Lasa i Filipo ary nitory teny tamin'ireo Samaritana. Nino izy rehetra ary nibebaka, ary natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Saingy fotsiny, tsy tonga teo amin'izy ireo ny Fanahy Masina. Petera no nanana an'ireo fanalahidy. Tonga izy ary nametra-tànana teo amin'izy ireo, dia nandray ny Fanahy Masina izy ireo.

132 Ary avy eo i Kornelio, ilay Jentilisa, dia nanana fahitana iray, hoe izy dia tokony haniraka ka haka lehilahy iray antsoina hoe Petera, Simona Petera, izay nitoetra tao an-tranon'ny lehilahy iray izay mpandon-koditra. Ary rehefa tonga teo i Petera, "Raha mbola niteny an'ireo Teny ireo i Petera, dia nilatsaka tamin'izy ireo ny Fanahy Masina." Noho izany dia hoy i Petera hoe, "Afaka mandrara rano ve ny olona iray? Izy ireo dia nandray ny Fanahy Masina tahaka ny nandraisantsika Azy tany amin'ny voalohany." Ny sampana tsirairay dia mivoaka mitovy ihany. Hitanareo?

133 Ankehitriny, Jesosy rehefa nihaona...Ankehitriny, tsy tonga tany amin'ny Jentilisa Izy. Firy no mahafantatra an'izany? Nandrara an'ireo Mpianany Izy mba tsy handeha any amin'ny Jentilisa. Firy no mahafantatra an'izany? "Aza mandeha amin'ny làlan'ny Jentilisa, fa aleo mandeha any amin'ny ondry very amin'ny Isiraely. Ary raha mandeha ianareo, dia mitoria,

manao hoe, 'Efa akaiky ny Fanjakan'ny Lanitra,' ho an'ny ondry very amin'ny Isiraely."

134 Ankehitriny, iza no niandry Azy ho tonga tamin'izany andro izany? Tsy ireo Jentilisa; mpanompo sampy isika, Anglo-Saxon. Romana isika, nivavaka tamin'ny masoandro sy ny sisa. Tsy niandry Mesia mihitsy isika, fa ireo Jiosy sy ny Samaritana no niandry. Ankehitriny, ahoana no Nanambarany ny Tenany tamin'ireo olona izay niandry Azy?

135 Ndao isika ankehitriny hiverina ao amin'ny Masindahy Jaona, ny toko faha-1, ary vetivety fotsiny ankehitriny. Ary henoy tsara.

136 Ilay Jiosy voalohany izay hany nentina teo Aminy, rehefa Filipo na . . . Niova fo i Andrea, ary lasa ka nahita ny rahalahiny, Simona Petera, dia nentiny teo anatrehan'i Jesosy i Simona. Ary notenenin'i Jesosy taminy hoe iza no anarany, sy hoe iza no anaran'ny rainy. Firy no mahafantatra an'izany? Inona no heverinareo ho nataon'izany tamin'io lehilahy io, izay hahazo an'ireo fanalahidin'ny Fanjakana eny an-tànany aty aoriana? Izany no Nanaporofoiny ny Tenany ho, Mesia.

137 Haingana mihitsy, tamin'izay fotoana izay, dia niova fo i Filipo, ary lasa ka nahita an'i Natanaela. Telopolo maily manodidina ny tendrombohitra izany. Ary tonga tao an-trano izy, dia toa reko izy nanao hoe, "Oh, Rtoa. Natanaela, aiza i Natanaela?"

"Oh, any ivelany izy any—any amin'ny sahan'oliva."

138 Nandeha tany tena haingana izy, "Natanaela, aiza ianao?" Dia hitany teo ambanin'ny hazo iray izy. Ary teo am-pivavahana i Natanaela. Ary niandry izy mandra-pitsahany nivavaka. Ary nilaza izy, tsy hoe, "Manao ahoana ianao, ry Natanaela? Manao ahoana ny vokatra?" Oh, nanana hafatra iray izy! Tahaka an'izany ny lehilahy iray izay efa nihaona tamin'i Jesosy. Tsy nanam-potoana ho an'ny hadalana izy. Hoy izy hoe, "Avia, jereo Izay hitanay, Jesosy avy any Nazareta, zanak'i Josefa!"

139 Ary ankehitriny dia toa hitako i Natanaela nikopaka ny fitafiany, avy tamin'ny vavaka. Hoy izy hoe, "Ankehitriny, ry Filipo, fantatro fa lehilahy tsara ianao, ary lehilahy mahitsy fo. Ankehitriny, mety hisy zavatra tsara ve avy ao Nazareta? Eny, fantatrao, raha ho avy ny Mesia, dia ho tonga any Jerosalema Izy, ao amin'ilay fiangonana." Izany no eritreretin'ny olona amin'izao andro izao. Hitanareo? "Ho tonga ao Jerosalema Izy. Tsy nilaza an'izany mihitsy i Kaiafa tamin'ny fivoriana farany. Noho izany, tsy nisy iray tamin'ireo teolojiana nilaza an'izany. Noho izany dia fantatro fa lehilahy mahitsy fo ianao. Lasa tany amin'ny farany lalina ve ianao?"

"Oh, tsia. Avia ianao hahita."

Hoy izy, "Mety misy zavatra tsara ve . . . "

140 Nomeny azy ny valiny tsara indrindra azon'ny olona rehetra, nanao hoe, "Avia, ny tenanao no aoka hahita."

141 Ankehitriny, teny an-dàlana teny, dia toa reko i Natanaela nilaza...na i Filipo nilaza tamin'i Natanaela hoe, "Mba fantatrao moa? Tsaroanao ve ilay mpanjono antitra tany izay tsy afaka nanasonia an'ilay tapakila akory aza rehefa nomenao azy izany, nividy an'ireo trondro taminy?"

"Eny. Mino aho fa Simona no anarany."

"Eny, izay ilay izy."

142 "Nentiko izy, indray andro, teo anatrehan'io Mesia io, ary vantany vao Hitany izy, dia hoy Izy hoe, 'Ny anaranao dia Simona. Ary ny anaran'ny rainao dia Jonasy.' Ary izaho...Tsy hahagaga ahy, fa rehefa tonga eo Anatrehany ianao, dia hiteny aminao Izy hoe iza ianao."

Hoy izy hoe, "Ah, ankehitriny, andraso iray minitra, tsy izaho."

143 Noho izany, dia tonga izy ireo ny ampitso. Ary tao amin'ny laharam-bavaka Jesosy, araka ny mahazatra, nivavaka ho an'ny marary, ary rehefa Izy, afaka nanatona ka nandeha nankeo amin'ny mpanatrika, dia niandrandra Jesosy, ary Hitany i Filipo tonga, nitondra lehilahy teo amin'ny làlantsara. Ary nijery azy Izy, ka hoy Izy hoe, "Indro ny Isiraelita tsy misy fitaka ao aminy."

144 Foto-pampianarana hafahafa ve izany? Izany no Jesosy, omaly. Izany no Jesosy, anio, raha Izy no tsy miova.

145 Ary nijanona io lehilahy io. Toa hitako i Natanaela, ah, nandòna azy tamin'ny kiho i Filipo, nanao hoe, "Inona no noteneniko taminao? Inona no noteneniko taminao?"

146 Hoy izy hoe, "Raby," izay midika hoe *mpampianatra*, na inona hiantsoantsika azy amin'izao andro izao, fantatrareo. Raha ny marina, ny teny Hebreo marina, dia midika hoe *mpampianatra*. Hoy izy, "Raby, oviana no mba Nahitanao ahy? Ahoana no Ahafantaranao zavatra iray mikasika ahy? Tsy mbola nahita Anao mihitsy aho teo amin'ny fiainako. Ahoana no Ahafantaranao fa Isiraelita iray aho? Ahoana no Ahafantaranao fa marina aho, sy mahitsy fo, ary mahatoky? Tsy mbola nahita ahy mihitsy Ianao, teo amin'ny Fiainanao. Ahoana no Ahafantaranao ahy?"

147 Hoy Izy hoe, "Talohan'ny niantsoan'i Filipo anao, rehefa teo ambanin'ilay hazo ianao, dia efa nahita anao Aho," telopolo maily manodidina ny tendrombohitra, ny andro talohan'io. Maso toy ny inona!

148 Ankehitriny dia inona no nolazainy? Hoy izy hoe, "Raby, Ianao no Zanak'Andriamanitra. Ianao no Mpanjakan'ny Isiraely." Raha nanaiky an'izany ireo Jiosy...Andraso ankehitriny. Ilay Jiosy voafidy izany. Firy no mino ny fifidianana? Oh, maro ny olona tsy handray an'izany mihitsy.

Hitanareo? Ny Baiboly no niteny an'izany. Fa ity lehilahy ity dia nanana ny Fanahin'Andriamanitra tao anatiny. Ary niaiky an'izany izy, nanao hoe, "Raby, Ianao no Zanak'Andriamanitra. Ianao no Mpanjakan'ny Isiraely."

149 Fa nitsangana teo ireo teolojiana an'izany andro izany, ireo mpisorona sy ireo mpampianatra malaza, nihaino Azy. Ary fantatrareo izay nolazain'izy ireo? Hoy izy ireo hoe, "Mpanao hatsarana iray Izy. Manana ny fanahin'i Belzeboba Izy eo Aminy." Jesosy . . . Tsy niteny an'izany mihitsy izy ireo, mafy. Tsia, tsia.

150 Saingy nitodika Jesosy ka nijery azy ireo. Hoy Izy hoe, "Afaka miantso Ahy an'izany ianareo ary milamindamina amin'izany. Fa ho avy ny fotoana izay hahatongavan'ny Fanahy Masina, ka rehefa miteny teny anankiray manohitra Azy manao an'ilay zavatra iray ihany ianareo, tsy havela mihitsy izany amin'ity fiainana ity na ny fiainana ho avy."

151 Koa noho izany dia inona no ifanarahantsika? Ireo Jiosy izany. Ny tena Jiosy marina sy mahitsy fo dia nino Azy ho ny Mesia.

152 Ireo mpampianatra sy teolojiana, inona izy ireo? Ny taranaky ny menarana, araka ny efa nandalovantsika. Hoy Izy hoe, "Ianareo dia avy amin'ny rainareo, ny devoly." Kanefa, izy ireo dia lehilahy nanan-tsaina, namiratra, masina. Tsy nanetsika mololo iray izy ireo . . . Masina. Tsy nandika ny Sabata izy ireo. Tsy nihinana hena izy ireo. Lehilahy masina izy ireo, saingy diso tamin'ny fahitana. Hitanareo, efa nofanin'olona izy ireo.

Andriamanitra manofana an'ireo Lehilahiny, mafy. Marina izany. Lehilahy nantsoin'Andriamanitra!

153 Noho izany indray andro Izy—Izy dia . . . Izany no noeritreretin'ireo Jiosy. Tahaka an'izany no Nanehoany ny Tenany tamin'ireo Jiosy. Firy no mahafantatra fa izany no Soratra? Eny àry. Ankehitriny, raha nampahafantatra ny Tenany tamin'ireo Jiosy Izy, dia izany no Jesosy omaly niaraka tamin'ireo Jiosy.

154 "Ankehitriny, hoy ianareo hoe, 'Ireo Samaritana dia niandry Azy ho tonga.'" Eny, niandry izy ireo, fa tsy ireo Jentilisa. Ireo Samaritana ihany.

155 Ary rehefa nihaona voalohany tamin'ireo Samaritana Izy, dia nila nandalo an'i Samaria Izy. Ary nijanona Izy, ka naniraka an'ireo Mpianany handeha, ho an'ny sakafo, teo amin'ny roa ambin'ny folo ora teo. Nipetraka teo amin'ny fantsakana iray Izy. Tonga ny vehivavy iray, nanomboka . . . Ankehitriny, izy dia fantatsika, amin'ity tany ity, ho vehivavy ratsy laza iray, ramatoan'ny làlambe, fantatrareo, mpivarotena. Noho izany dia tonga izy ary nanomboka nampidina ny siny tao anaty fantsakana, mba haka rano. Ary nandre Feo iray izy nanao hoe,

"Ravehivavy, itondray Aho hosotroiko." Ary nijery manodidina izy ka Jiosy iray antenantenan-taona no nipetraka teo.

156 Telopolo taona mahery fotsiny Izy, fa ny Baiboly dia nilaza hoe nitovy tamin'ny dimampolo Izy. Hoy izy ireo hoe, "Lehilahy tsy mihoatra ny dimampolo taona Ianao, nefa milaza fa Ianao dia 'nahita an'i Abrahama'?"

157 Hoy Izy hoe, "Talohan'ny nisian'i Abrahama, dia Izaho no izy." Hitanareo? Tsy maintsy ho toy ny somary antitra nohon'ny Asany, ny Vatan'olombelony.

158 Dia nijery manodidina izy. Fantany fa Jiosy iray Izy. Hoy izy hoe, "Tompoko, tsy fanaonareo Jiosy ny mangataka zavatra tahaka an'izany amin'ny Samaritana. Tsy manana fifampiraharahana mihitsy isika."

159 Hoy Izy hoe, "Ravehivavy, raha fantatrao hoe Iza no iresahanao, dia ianao no hangataka Amiko hosotroina. Ary Izaho no hitondra ho anao, hanome anao rano mba tsy ahatongavanao eto hantsaka." Inona no Nataony? Nifandray tamin'ny fanahiny. Hitanareo? Diniho, hanambara ny Tenany amin'ireo Samaritana Izy, ankehitriny.

160 Dia hoy izy hoe, "Nahoana, ianareo manao hoe, 'Mivavaka any Jerosalema.' Izahay manao hoe, 'Amin'ity tendrombohitra ity.'"

161 Hoy Izy hoe, "Avy ny andro, ary tonga ankehitriny, izay tsy, amin'ity tendrombohitra ity na any Jerosalema, no hivavahanareo amin'Andriamanitra, fa amin'ny Fanahy sy ny Fahamarinana. Ny Ray dia mitady ny toy izany."

162 Inona no Nataony? Manakatra ny fanahiny. Ary afaka kelikely, rehefa Hitany hoe taiza ny olany...Firy no mahafantatra hoe inona ny olany? Efa nanana vady dimy izy, ary niara-niaina tamin'ilay fahenina. Noho izany, dia hoy Izy hoe, "Ravehivavy, mandehana alaivo ny vadinao ka mankanesa eto."

Hoy izy hoe, "Tsy manana vady aho."

163 Hoy Izy, "Marina izany. Ianao dia manana...nanana dimy, ary ilay anankiray izay iarahanao miaina ankehitriny dia tsy anao."

164 Nijanona izy ary nijery Azy. Ankehitriny, tsy nilaza izy hoe, "Belzeboba Ianao, tompoko. Mpanao hatsarana iray Ianao." Nahafantatra bebe kokoa mikasika an'Andriamanitra noho ny antsasak'ireo mpitory tenin'i Jeffersonville izy, marina izany, izay mpivarotena iray. Hoy izy hoe, "Tompoko, hitako fa Mpaminany iray Ianao."

165 Diniho, "mpaminany" iray. Ary raha hitady an'io teny io ianareo, dia ho hitanareo izany, ilay Mpaminany izay notenenin'i Mosesy fa ho avy, hitanareo, "Ny Tompo, Andriamanitrareo, dia hanangana Mpaminany iray tahaka ahy."

166 Hoy izy hoe, "Hitako fa Mpaminany iray Ianao." Fantany fa tsy nahafantatra an'izany tamin'ny fomba hafa iray Izy; tsy afaka nahafantatra an'izany. Hoy izy, "Hitako fa Mpaminany iray Ianao." Henoy eto ankehitriny, "Izahay. . . " ireo Samaritana, fa tsy Jiosy ankehitriny, Samaritana, "Fantatray, fa rehefa tonga ny Mesia, dia Izy no hiteny aminay an'ireo zavatra ireo." Jereo hoe karazana famantarana inona no nandrasan'izy ireo? Ny famantaran'ny Mesia. "Rehefa tonga ny Mesia, dia Izy no hiteny aminay an'ireo zavatra ireo, fa iza moa Ianao?"

Hoy Izy hoe, "Izaho no Izy, izay miresaka aminao."

167 Dia nalatsany ny sinin-dranony, ka nihazakazaka nankany an-tanàna, ary nanao hoe, "Avia, hijery Lehilahy iray izay niteny tamiko an'ireo zavatra izay nataoko. Tsy izao ve no Mesia?"

168 Raha izany no famantaran'ny Mesia tamin'izany, dia tsy maintsy izany no famantaran'ny Mesia amin'izao andro izao. Raha Izy no. . .Ankehitriny, tsarovy, tsy nisy fotoana iray izay hany nanaovana fahagagana teo anatrehan'ny Jentilisa iray. Voarara izany. Nahoana? Ny Jentilisa dia nanana roa arivo taona an'ny resaka fiangonana.

169 Fa ankehitriny dia eto ny fiafaran'ny fizaram-potoan'ny Jentilisa. Ary Rosia, ireo kominista, dia manana baomba mitodika mankany aminareo mihitsy, mba hamaranana an'izany, ihany koa. Aza manahy, ho avy izany. Ny Baiboly no niteny an'izany. Ho eto izany miaraka amin'ny anaranareo voasoratra eo amin'izany, ary ho lasa vovoka ao anatin'ny iray segondra izy, ny firenena iray manontolo. Ho fandringanana tanteraka izany. Mariho, fa Andriamanitra no manao an'izany. Fantatro fa mpanjaka manana fahafahana izy ireo, andiana mpanompo sampy izy ireo. Fa tsy nanangana firenena mpanompo sampy ve Andriamanitra hanitsy ny Isiraely tamin'ireo andro lasa? Milaza ny Baiboly fa Rosia sy ny kominisma dia milalao tsara mihitsy eo an-tànan'Andriamanitra, handringana tanteraka ny olona hiala amin'ny tany.

170 Saingy alohan'ny ahafahan'izany hiseho, dia tonga ny Fampakarana ka mitondra an'ilay Fiangonana any an-Trano alohan'ny ahafahan'izany hiseho. Ary raha tena antomotra izany, dia akaiky toy ny ahoana ny Fampakarana? Akaiky kokoa noho izany. Noho izany dia hitanareo hoe nahoana isika no. . . nahoana aho no mitory teny tahaka ny ataoko, nahoana aho no mitolona mafy arak'izay vitako; nahoana Andriamanitra no manao ny zavatra rehetra izay Azony atao, mba hampiditra an'izany ao anatin'ilay Voafidy, mba hamoaka an'ilay Taranaky ny vehivavy, mba ahafahan'ilay taranaky ny menarana mahazo ny famaizana. Marina tokoa izany. Izany no Nampanantenainy hatao.

171 Ankehitriny, raha nanambara ny Tenany teo anatrehan'ny Jiosy sy ny Samaritana Jesosy, tamin'ny alàlan'ireo famantarana ireo, ary hamela antsika handeha nefa tsy manambara amintsika an'ilay famantarana iray ihany, dia tsy marina Izy, raha Avelany hilamindamina fotsiny isika, amin'ny filazana hoe, "Metodista izahay; Batista izahay; Katolika izahay; Presbyterana izahay," tsia, tompoko, raha Avelany milamindamina amin'ny teolojia mangatsiaka iray isika.

172 Tsy maintsy tonga miaraka amin'ireo famantarana, fahagagana Izy, tahaka ny Nataony tamin'ny voalohany, raha Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Tonga eo amin'izany andro izany isika. Eto isika ankehitriny. Amin'ny alàlan'ny Baiboly, amin'ny alàlan'ny vavolombelona, amin'ny alàlan'ny Fanahy, amin'ny alàlan'ny siansa, ny zavatra rehetra dia manaporofo fa eto izany. Oh, izaho . . . Oh, maniry aho ny hanana hery hanosika an'izany ho ao anatin'ny olona, mba hamela azy ireo hahita an'izany.

173 Oloko ianareo olona eto Jeffersonville. Notezaina niaraka taminareo aho. Ary izaho—tiako ianareo. Aza—aza mihevitra ahy ho fanatika iray. Mihevitra ve ianareo fa izany ireo filazana mialoha ireo? Mijere any aoriana tamin'ilay safo-drano '37, ianareo olona, rehefa nihomehy ianareo teto amin'ny fiangonana mihitsy. Ary hoy aho hoe, "Hisy roa amby roapolo diantongotra eo ambonin'i Spring Street," enim-bolana talohan'ny nitrangan'izany. Teneno amiko izay zavatra hany voalaza indray mandeha, tamin'ny HOY NY TOMPO HOE, ka tsy ny Fahamarinana marina tokoa. Teneno amiko ny zavatra anankiray izay hany Nolazainy. Tsy misy mihitsy izany! Izany no Fahamarinana, ary mbola mijanona ho ny Fahamarinana foana Izany, ary ho ny Fahamarinana Izany isan'andro.

174 Ankehitriny isika dia tsy afaka hitondra . . . Ataoko fa misy olona zato na mihoatra eto hivavahana. Tsy afaka mitondra azy rehetra ireo indray mandeha isika. Hitondra izay vitantsika isika, amin'ny fotoana iray, ary avy eo dia hanohy hitondra azy ireo mandra-pahazoantsika azy rehetra ireo eto. Ankehitriny aho dia hanomboka ao . . . Mino aho . . . Tsy teto ve i Billy Paul? Any ve izy? Teneno izy ho tonga eto. Te-hahita aho hoe inona, raha nizara izy . . . Karatra fangataham-bavaka inona no nozarainao? [Hoy Rahalahy Billy Paul hoe, "Q, iray hatramin'ny zato."—Mpand.] Ireo Q, Q, Q. Karatra fangataham-bavaka Q. Jereo eo amin'ny karatra fangataham-bavakareo. Misy Q iray. Iray hatramin'ny zato. Eny àry. Tsy afaka mitondra azy rehetra amin'ny fotoana iray isika, fa afaka mitondra kely fotsiny isaky ny mandeha, mandra-pahazoantsika azy rehetra ireo eto. Tiantsika izy ireo ho avy, tsirairay, mandra-pahatonga azy rehetra ho nivavahana.

175 Jereo ankehitriny. Tiako ny olona rehetra, anatiny sy any ivelany, hieritreritra an'izao. Ary ny famaranana an'ity fivoriana

ity, dia apetrako amin'ny pasitera ity fiangonana ity, Rahalahy Neville, mametraka anareo aminy, ary izy amin'Andriamanitra. Rahalahy Neville eto. Hanasa anareo rehetra aho hiverina. Miaramila mahery fo iray Rahalahy Neville. Tena mpanompon'i Kristy iray izy. Mpitory teny Metodista taloha, mino aho, mpianatra avy tao amin'ny Asbury, ary efa niofana tao amin'ireo teolojiana rehetra izy, seminera ara-teolojia, miaraka amin'ny traikefa an'izay ampianarin'izy ireo. Saingy, indray andro, dia tonga teo amin'ny toerana iray izy izay fantany fa tsy maintsy manana zavatra hafa, ary niampita an'ilay tsipika izy. Izy no pasitera eto, lehilahy iray feno ny Fanahy, tena mpitory teny iray, tena teolojiana iray. Ary mangataka anareo aho, ireo olon'ity tanàna ity, sy ao amin'ity fiaraha-monina ity, raha tsy manana fiangonana ianareo, ka te-handre ny tena Filazantsara, dia tongava mihaino an-dRahalahy Neville. Manohana an'ilay Zavatra iray ihany izay tohanako izy. Tanteraka tokoa, tena miaramila mahery fo iray. Izahay rehetra, eto, dia tia an-dRahalahy Neville. Efa ela izy no teto niaraka taminay, ary tianay izy.

176 Ankehitriny raha Jesosy Kristy, amin'ny alàlan'ny Fanahy, no hiverina eto izao hariva izao ary hanao an'ireo zavatra iray ihany izay Nataony fony Izy teto an-tany, tamin'ny Jiosy sy ny Samaritana, raha hanao an'ilay zavatra iray ihany aminareo Jentilisa Izy, dia firy aminareo no hanao hoe, "Hino Azy amin'ny foko rehetra aho ary hanaiky an'izany eto mihitsy"? Tsy ahoako izay fiangonana ikambananareo. Izany dia tsy manana . . .

177 Hoy ianareo hoe, "Tianao hijanona tsy handeha any amin'ny fiangonana Metodista ve aho?" Tsia, tompoko. "Batista?" Tsia, tompoko.

178 Mandehana any amin'izay tianareo haleha, satria Andriamanitra dia manana zanaka ao amin'ny tsirairay avy amin'ireo fiangonana ireo. Izany tokoa, manana Izy. Ary ianareo, angamba, dia iray amin'izy ireo. Ary tiako ianareo tahaka ny hoe mambra iray an'ny Branham Tabernacle mihitsy ianareo. Tsy manao pentina fahasamihafana anankiray izany amiko. Fantatrareo izany amin'ny alàlan'ny asampanompoako, hatraiza hatraiza. Mino aho fa tia an'ireo Zanany Andriamanitra, tsy mampaninona izay karazana marika hazonin'izy ireo. Ilay izy dia izay maha-izy anareo ao amponareo. Fa manasa anareo fotsiny izahay ho an'ny fiombonana. Arahabaina ianareo tongasoa.

179 Ankehitriny, ny rehetra dia mahafantatra, ary ianareo olon'i Jeffersonville dia mahafantatra, taorian'ireo zavatra maro rehetra izay voalaza sy natao, ary voalaza mialoha, ny tsirairay avy tamin'izy ireo dia niseho tanteraka mihitsy tahaka . . . Firy eto Jeffersonville no mahafantatra an'izany ho ny fahamarinana? Atsangano ny tànanareo, izay mahafantatra eto ankehitriny. Ankehitriny, ho anareo olona ivelan'ny tanàna, hitanareo ve izay

tiako lazaina? Firy ny olona any ivelan'ny tanàna izay hany efa tonga tao amin'ireo fivoriako ka nahita an'izany nitranga marina araka ny nilazana Azy? Atsangano ny tànanareo, ho an'ny olon'i Jeffersonville. Hitanareo? Hoy ny Baiboly hoe, "Amin'ny vavan'ny vavolombelona roa na telo no aoka hanorenana mafy ny teny rehetra." Efa nanodidina an'izao tontolo izao izany. Noho izany dia inona no andrasantsika? Efa eo an-tànantsika mihitsy ny zavatra rehetra, amin'ny alàlan'i Tompo Jesosy. "Nomeny antsika maimaimpoana ny zavatra rehetra."

180 Ankehitriny dia hanomboka ny laharam-bavaka isika. Ary raha hanatanteraka Jesosy Kristy eto izao hariva izao . . .

181 Ankehitriny, firy aminareo no mahafantatra mikasika an'ilay sarin'ny Tompo Jesosy, io Hazavana io? Ianareo rehetra dia mahafantatra mikasika an'Izany, saiky. Any Washington Izy, DC, nalain'ny lehilahy tsara indrindra izay nananan'i Edgar Hoover tao anatin'ny taona vitsy lasa, George J. Lacy, an'ny antontan-taratasin'ny dian-tànana. Isika dia manana ny—ny soniany eo amin'ny taratasy mihitsy. Izany, tokoa . . . Nilaza izy fa nihevitra indray mandeha hoe psykolojia izany, namaky ny sain'ny olona aho. Hoy izy hoe, "Saingy, Atoa. Branham, tsy haka psykolojia ny maso mekanika an'io fakantsary io." Hoy izy, "Ilay Hazavana no namely an'ireo fitaratra boribory." Ary manana an'izany rehetra izany voasoratra eo amin'ny taratasy isika, mandeha miaraka amin'ilay sary, ilay Hazavana no namely an'ireo fitaratra boribory.

182 Firy no mbola velona, rehefa niseho voalohany teo anatrehan'ny olombelona Izany teto teo amin'ilay renirano, rehefa nanao batisa an'ireo an-jatony ireo aho tany tamin'io andro io? Ato amin'ny tranobe, atsangano ny tànanareo. Misy tànana telo na efatra, mbola velona, hatramin'ny taona maro lasa izay, teto teo amin'ilay renirano rehefa nidina Izany, ary tonga ny Hafatry ny Tompo. Mbola tsy miova foana mihitsy! Nanao mihitsy an'izay Voalazany tany ve Izany? Hoe, ny asam-panompoana izay hotoriako, dia hanomboka fifohazana iray manerana an'izao tontolo izao, alohan'ny Fihavian'i Kristy faharoa mihitsy. Jereo izay Nataony. Hitanareo? Teo no nivoaka, avy teo, i Oral Roberts sy ireo hafa rehetra ireo. Hitanareo? Ary nandeha nanerana an'izao tontolo izao izany, firenena rehetra, olona rehetra, fiteny rehetra. Mirehitra ireo afom-pifohazana, asam-panasitranana lehibe. Hitanareo?

183 Ankehitriny, aoka ho vonona. Ato anatiny, any ivelany, na aiza misy anareo, dia raiso Kristy. Sitrakareo ve, izao hariva izao?

184 Ankehitriny, manomboka izao, dia mametraka ny tenako amin'ny Tompo Jesosy aho, mba hahafahako manolotra ny tenako amin'ny Fanahy, mba hankalazana an'i Jesosy Kristy irery ihany; tsy ny tenako, fa Jesosy Kristy; fa ireto olona ireto,

ireo oloko, ireo sakaizako, anatiny sy ivelan'ny tanàna, dia afaka mahafantatra fa ny Filazantsara izay notoriako dia ny...ny Fahamarinana tanteraka tokoa. Ary eto Kristy mba hanamarina an'Izany ho Fahamarinana, amin'ny alàlan'Ny Teniny sy Ny Fanahiny.

185 Tsy maintsy hiantso azy ireo anankiray isaky ny mandeha fotsiny isika. Noho izany isika dia hanana...Hanomboka amin'ny nomerao iray isika, Q nomerao iray. Iza no manana azy? Raha—raha tsy afaka mitsangana ianao ankehitriny, dia haka anao ireo loholona. Tianay ny hikarakara ny tsirairay avy aminareo. Q nomerao iray. Rahalahy Hickerson, Billy Paul...Na, andraso, Doc no hanampy azy eto. Q nomerao iray, hanangana ny tànanao ve ianao, izay manana an'izany. Azonao antoka ve fa Q izany? Na, eny, oh, miala tsiny aho. Eny àry. Manatòna avy hatrany. Asehoy azy hoe ahoana, mandalo amin'ilay làlantsara eo. Q nomerao iray. Eny àry.

186 Nomerao roa, atsangano ny tànanao, azafady. Eny àry, ramatoa iray mipetraka eny aoriana *eto*. Eny àry, ramatoa, avia. Ataovy avy hatrany ny làlanao ho *eto*; raha hamela azy ianareo rehetra. Hanampy anareo ireo zazalahy eo, ireo mpampiditra olona sy ny sisa. Q nomerao telo, atsangano ny tànanao. Nomerao telo. Hanangana ny tànanao ve ianao, izay manana Q nomerao telo. Jereo raha io ramatoa mandeha eto io, raha izy no manana an'ilay karatra. Ianao—tsy manana azy ve ianao? [Hoy ny anabavy iray hoe, "Ranadahy Branham, nangataka karatra iray aho. Saingy nahita ny sakaizako iray aho, izay nitsangana niaraka tamin'ny zazalahy iray marary."—Mpand.] Ianao—tsy afaka manao an'izany ianao. ["Tsy afaka?"] Tsia. Tsy maintsy mihazona an'ilay izy ianao ary mihaino ny toromarika. Hikarakara an'ilay zazakely izahay, na ahoana na ahoana. Hitanao? Tongava fotsiny ianao rehefa antsoina ny nomeraonao. Afaka ho tonga ilay zazakely rehefa antsoina izy. Hitanao? Mety tsara izany.

187 Nomero iray, roa. Iza no manana ny nomerao telo? Atsangano ny tànanao. Nomerao telo. Nomerao efatra.

188 Ankehitriny, tena maha-te-ho tia izany ho anao, ranabavy, na iza na iza izany, ilay ramatoa te-hanao an'izany. Hitanareo? Fa, jereo, raha—raha antsoina ny laharan'izy ireo, dia ho avy fotsiny izy ireo araka...Raha tsy antsoina izy ireo, dia hikarakara azy ireo izahay, na ahoana na ahoana. Hitanao? Tianay fotsiny ianao ho eo amin'ny toeranao, mba ahafahanao mahazo ny toeranao, ihany koa, hitanao. Hitanao? Eny àry.

189 Nomerao telo. Nomerao efatra. Nomerao dimy. Q nomerao dimy, atsangano ny...Eny aoriana, vehivavy tanora iray. Nomerao enina. Eny àry, ilay lehilahy tanora. Nomerao fito. Ilay lehilahy eto mihitsy. Nomerao valo.

190 Tsy maintsy manao an'izao izahay. Hitanareo, tsy afaka hanao an'izany ianareo; lasa mifanizina fotsiny ianareo, hilaza ianareo hoe, "Ny olona rehetra dia te-hivavahana."

191 Mamelà ahy haneho zavatra aminareo, raha tianareo ny hahita hoe nahoana izahay no tsy maintsy mandahatra azy ireo. Ny olona rehetra ato izay te-ho tonga sy hivavahana, dia atsangano ny tànanareo, ny olona rehetra, tsy mampaninona na iza ianareo. Jereo io. Iza no ho tonga voalohany? Hitanareo? Tsy maintsy misy olona iray.

192 Tonga eto i Billy, mitondra an'ireto karatra ireto, ary manafangaro azy rehetra ireo eo anatrehanareo, ka manome karatra fangataham-bavaka ho an'ny olona rehetra izay mila anankiray. Mety maka ny dimy ianareo, enina, ary indraindray dia manomboka any an-kafa any ho any izahay. Ary tsy manao fahasamihafana izany hoe aiza izahay. . . Ary avy eo dia ireo ao amin'ny mpanatrika no sitrana marina tokoa alohan'ireo eto amin'ny lampihazo, indraindray. Firy no mahafantatra an'izany, ireo vahiny sy . . . Eny, azo antoka, tsy misy idiran'izany amin'io.

193 Nomerao enina, io anankiray tonga io ve? Nomerao fito. Nomerao valo. Iza no manana karatra fangataham-bavaka valo? Efa azo ve izy? Nomerao sivy.

194 Valo, nomerao valo, tianay ianao hitondra an'izany ankehitriny. Angamba olona iray any ivelany. Raha izany izy ireo, aoka hanangana ny tànany ny olona iray, na zavatra, olona iray any ivelany, izay tsy afaka niditra. Nomerao valo. Rahalahy Collins, misy olona iray ve ery, karatra fangataham-bavaka nomerao valo, miezaka ny hiditra? Eny àry, karatra fangataham-bavaka nomerao valo. Eny àry.

195 Nomerao sivy. Karatra fangataham-bavaka sivy, atsangano ny tànanao. Angamba nivoaka izy ireo, tsy afaka niditra. Raha miditra izy ireo, dia apetraho eo amin'ny laharana.

196 Nomerao folo, atsangano ny tànanao. Ilay lehilahy eny amin'ny farany aoriana. Avia, tompoko. Faly aho mahita anao voaantso. Nitsangana tery ianao, nivonkin'ozatra ireo ranjo. Nomerao folo.

197 Nomerao iraika ambin'ny folo. Atsangano ny tànanao, izay manana karatra fangataham-bavaka Q nomerao iraika ambin'ny folo. Eny àry, iraika ambin'ny folo.

Roa ambin'ny folo, Q nomerao roa ambin'ny folo. Ery . . . Eny àry, roa ambin'ny folo.

198 Telo ambin'ny folo. Telo ambin'ny folo. Atsangano fotsiny ny tànanao, azafady, mba ahafahako hahita. Karatra fangataham-bavaka telo ambin'ny folo, Q telo ambin'ny folo. Efatra ambin'ny folo. Efatra ambin'ny folo. Dimy ambin'ny folo. Firy ny karatra nozarainao, Billy, zato? Telo ambin'ny folo, efatra ambin'ny folo, ary dimy ambin'ny folo, no tsy ao. Karatra fangataham-bavaka

telo ambin'ny folo, efatra ambin'ny folo, ary dimy ambin'ny folo, eto ve ianareo? Dimy ambin'ny folo, enina ambin'ny folo, fito ambin'ny folo, valo ambin'ny folo, sivy ambin'ny folo, roapolo.

199 Q aloha, avy eo maka J, ary avy eo dia manohy fotsiny eo amin'ny laharana. Heveriko fa miezaka ny hampandalo an'ireo izy ireo, aloha, hitanareo. Aorian'ny iantsoanay an'ity, dia handeha eo amin'ireo hafa izahay arakaraky ny ahatongavanay fotsiny. Ahoana hoe? [Miresaka amin-dRahalahy Branham ny rahalahy iray—Mpand.] Izay ilay izy. Hitanareo, nizara an'ireo karatra izahay, aninkeo maraina, fa ireo olona no tsy niverina, angamba. Hitanareo? Eny àry.

200 Ndao isika hanomboka amin'ity kely ity. Ahoana. . . Saiky eo amin'ny isa ilainao mihitsy ve ianao eo amin'ny laharanao eo ankehitriny? Eny àry. Ankehitriny, iza no manana ny dimy ambin'ny folo, enina ambin'ny folo, fito ambin'ny folo, valo ambin'ny folo, sivy ambin'ny folo, ary roapolo, ao amin'ny Q? Iraika amby roapolo, roa amby roapolo, telo amby roapolo, efatra amby roapolo, dimy amby roapolo. Aoka ho vonona fotsiny ankehitriny, vantany vao tapitra izany. Manana laharana feno iray izahay eto ankehitriny. Ary avy eo dia ho tonga eo amin'izy ireo avy hatrany izahay, handeha eo amin'ny laharana avy hatrany, avy eo dia miditra avy hatrany ao amin'ny sisa amin'ireo karatra, ireo J, izay navelanay, ary manohy avy hatrany mandra-pahavitanay ny farany amin'izy ireo.

201 Ankehitriny dia aoka tena manaja fotsiny mandritry ny fotoana fohy. Ankehitriny, naniry aho ny hanana efitra fipetrahana. Naniry aho ny hisian'ny fomba izay ahafahako nanao an'izany, saingy tsy manana an'izany izahay. Fa, ankehitriny, tiako ianareo mba hanaja fotsiny. Ankehitriny, mbola aloha be izao. Amin'ny sivy latsaka folo minitra izao. Ny fotoana dia hifarana, afaka antsasak'adiny. Noho izany, ity no famaranana ny fotoana, ary noho izany ankehitriny dia aoka ho tena manaja. Mipetraha tsara mihitsy. Aza mandehandeha.

202 Ary firy eto no tena tsy manana karatra fangataham-bavaka, kanefa te-hivavahana ianareo? Atsangano ny tànanareo. Eny, hatraiza hatraiza mihitsy izy ireo. Ankehitriny, raha tsy manana karatra fangataham-bavaka ianareo, dia tiako ny hanome anareo Soratra iray.

203 Indray mandeha ny Tompontsika dia nandeha hanangana zazavavy kely iray, maty, izay tsy mbola maty, zanakavavin'i Zakaiosy. Ary hoy ny vehivavy iray tao am-pony hoe, "Mino Azy ho Lehilahy masina iray aho. Mino Azy ho ny Mesia aho." Ary efa tratry ny fitsiha-drà nandritry ny taona maro izy. Ary nitsofoka teo amin'ny vahoaka izy ka nikasika ny Lambany. Efa mba namaky an'ilay tantara ve ianareo?

Dia nijanona Jesosy, nanao hoe, "Iza no nikasika Ahy?"

204 Ary Petera niteny mafy Azy. Hoy izy hoe, "Eny, izy rehetra ireo dia mikasika Anao. Nefa nahoana Ianao no manao hoe, 'Iza no nikasika Ahy?'"

205 Hoy Izy hoe, "Lasa malemy Aho. Ny hery, tanjaka, dia niala Tamiko." Hitanareo ve izay ataon'izany aminareo, ny fahitana? "Lasa malemy Aho. Niala Tamiko ny tanjaka."

206 Dia nijery manodidina Izy, teo amin'ny mpanatrika, mandra-Pahitany an'ilay vehivavy. Natahotra izy. Nihevitra izy fa nanao zavatra ratsy. Fa nijery azy Izy, ary niteny taminy mikasika ny fitsiha-dràny Izy, ka nanao hoe, "Ny finoanao no nahavonjy anao." Firy no mahafantatra fa izany no Fahamarinana?

207 Ankehitriny, ho anareo mpianatra Baiboly, milaza ve ny Baiboly, fa, "Jesosy Kristy izao ankehitriny izao dia Mpisoronabe iray, ny Mpisoronabentsika, izay azo kasihan'ny fahatsapan'ny fahalementsika"? Firy no mahafantatra an'izany? Eny, raha Izy no Mpisoronabe ankehitriny izay azo kasihan'ny fahatsapan'ny fahalementsika, dia ahoana no Hihetsehany, raha Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay? Tsy maintsy mihetsika tahaka ny Nihetsehany tamin'izany ihany Izy. Marina ve izany?

208 Eny, ankehitriny, tsy manana tena ara-batana iray Izy ankehitriny, satria eo ankavanan'Andriamanitra izany. Saingy manana ny vatantsika Izy izay Iasany, ary izany dia Ny Fanahiny miasa amin'ny alàlantsika, araka izay Nolazainy fa izany ilay izy. "Homba anareo Aho, ao anatinareo; ireo asa izay Ataoko, no hataonareo koa. Mihoatra noho izany no hataonareo, mihoatra, satria Aho mankany amin'ny Ray." Ho nitsangana teo amin'ny toerantsika Izy. Hitanareo? Saingy hanosotra antsika amin'ny Fanahy Izy.

209 Ankehitriny, ianareo eo amin'ny mpanatrika, mijere mankaty fotsiny. Ary aza mijery ahy amin'ny maha-Rahalahy Branham fotsiny. Manaova fotsiny hoe, "Tompo Jesosy, Ianao no Mpisoronabe, ary ato amin'ity tranobe ity Ianao. Ary te-hikasika Anao amin'ny fahalemeko aho, hiteny Aminao, hoe marary aho. Ary Ianao no manamarina an'izany amiko, ka avelao fotsiny Rahalahy Branham hihodina tahaka ny, amin'ny alàlan'Ny Fanahinao, ary hiteny amiko tahaka ny Nitenenanao tamin'io vehivavy io. Hilamina hatreo izany." Mihaika ny finoanareo aho, amin'ny Anaran'ny Tompo, hanao an'izany. Ankehitriny dia jereo raha marina izany na tsia. Angataho amin'Andriamanitra izany, dia jereo raha tahaka an'izany mihitsy no isehoany. Ankehitriny dia aoka tena hanaja mihitsy.

210 Ankehitriny dia afaka mitondra ny mararinareo ianareo. Sa, ity ve ilay lehilahy? Eny àry. Ny zavatra voalohany amin'ny laharana, ity ampahan'ny laharana ity . . .

211 Misy olona betsaka ato. Miezaka izahay ny hanakana ny olona, ny olon'i Jeffersonville; hamela fotsiny ny olona ivelan'ny tanàna, izay maika hiditra. Satria, amin'ity karazana laharana ity, raha avy eto ireo olona, manodidina an'i Jeffersonville, dia hilaza izy ireo hoe, "Nahoana, fantatr'i Rahalahy Branham ireo olona ireo. Azo antoka, izany ilay izy." Saingy, mazava ho azy, tsy mbola tany Afrika mihitsy izy ireo, sy Inde, sy Asie, ary Eoropa, ary manerana an'izao tontolo rehetra izao, tany amin'ireo toerana hafa. Fa tsy fantatro izany.

212 Mino aho, ireto olona rehetra ato amin'ity laharana eto ireto ity ankehitriny, amiko dia toy ny hoe vahiny amiko izy ireo. Vahiny amiko ve ianareo rehetra? Atsangano fotsiny ny tànanareo raha izany ianareo. Eny àry. Tsara izany. Firy ato amin'ny mpanatrika no vahiny amiko, na fantatrareo fa tsy mahafantatra an'izay tsy mety aminareo aho? Na iza na iza fotsiny, tsy mampaninona na iza izany. Mazava ho azy, tsy mahafantatra ianareo, hitanareo. Fa Izy no mahafantatra. Ankehitriny, tsy milaza aho fa hanao Izy. Fa raha hanao Izy, amin'izay fotoana izay dia izany no manao Azy hoe manatrika eto mihitsy.

213 Ankehitriny, ity lehilahy eto ity, mino aho, dia nanangana ny tànany, hoe izaho sy izy dia samy vahiny. Vahiny izahay. Mbola tsy nahita an'ilay lehilahy mihitsy aho teo amin'ny fiainako. Izaho dia . . . [Hoy ilay rahalahy hoe, "Tsy mbola nahita anao mihitsy aho."—Mpand.] Tsy mbola nahita ahy mihitsy izy teo amin'ny fiainany raha tsy izao ankehitriny izao. Tonga tao amin'ny tranobe izahay, ary nifankahita amin'ny fotoanay voalohany izahay ankehitriny.

214 Ankehitriny, ity dia sary tanteraka iray ny amin'i Filipo nandeha, naka an'i Natanaela, ary i Natanaela tonga teo anatrehan'i Jesosy. Ankehitriny, tsy hoe izy no Natanaela, na izaho Jesosy. Ankehitriny, aza mieritreritra an'izany. Saingy taona maro taty aoriana izany, araka ny teny fikasana iray izay natao tamin'izany. Ary eto dia misy lehilahy roa izay tsy mbola nihaona mihitsy teo amin'ny fiainana, tahaka an'ireo lehilahy roa ireo tamin'izany mihitsy. Ary raha mbola mijanona ho tsy miova Jesosy, dia afaka manolotra ny fanahiny ho amin'ny finoana izy, ary afaka manolotra ny fanahiko ho amin'ny finoana aho, amin'i Kristy, amin'ny alàlan'ny fanomezam-pahasoavana Masina iray an'ny Fanahy Masina, ka afaka hanatanteraka an'ilay fahagagana iray ihany. Marina ve izany? Ary ivelan'ny voajanahary izany. Hoy ianareo hoe, "Ary fahagagana iray?" Eny, ahoana no hahafantarako an'izany, raha tsy mbola nahita azy mihitsy aho? Inty ny tànako. Mbola tsy nihaona mihitsy izahay tany aloha. Izahay, mitsangana eto izahay, ho an'ny fotoana voalohany. Andriamanitra no mahafantatra azy; izaho tsy mahafantatra.

215 Ankehitriny, tsarovy, mivavaha ho ahy. Ankehitriny,

indraindray ao amin'ireto—ao amin'ireto fotoana ireto, manosotra ny Fanahy, efa nanao an'izany betsaka mihitsy ankehitriny, hany ilay izy ka somary ny. . .Eny, izaho—tiako fotsiny ianareo hipetraka tsara. Aoka ho tena manaja. Diniho. Aoka ho ao amin'ny vavaka.

216 Ankehitriny, tiako fotsiny ianao, tompoko, tsy mahafantatra anao aho, fa eto ianao ho an'ny antony iray izay tsy fantatro. Fa na inona na inona izany, ka raha ho tenenin'ny Tompo Jesosy amiko izay ilainao avy Aminy, nefa tsy teneninao amiko, dia izany no hanao Azy mihitsy an'izay nolazaiko fa naha-izy Azy, ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Mino an'izany ve ianao? [Hoy ilay rahalahy hoe, "Azo antoka."—Mpand.] Eny àry. Mino an'izany izy. Ary ankehitriny dia mino an'izany ny mpanatrika. Ary ny Tompo dia efa nilaza fa Hataony izany, ao amin'Ny Baiboliny.

217 Ankehitriny, eto no ahitako na miteny ny Fahamarinana miaraka amin'ny Baibolin'Andriamanitra aho, na ny Baiboly no nampanantena zavatra izay tsy Azony tohanana, na mpihatsaravelatsihy iray aho; ny iray na ny hafa. Hitanareo? Marina izany. Hitanareo hoe aiza no ametrahanareo ny tenanareo. Efa nanao an'izany aho teo anatrehan'ny olona an'arivony maro, maro, ireo mpitsikera sy ny rehetra. Saingy fantatro fa Izy no mampanantena, ary mihazona ny Fampanantenany Izy.

218 Hitako fa manomboka eto mihitsy Izany ankehitriny. Mahita olona aho manodidina anao. Eo amin'ny lampihazo any amin'ireo fivoriana any ivelany, dia tsy manana olona mihitsy izahay manodidina. Hitanareo? Misy olona marary eto. Vantany vao manomboka Izany, dia afaka mahatsapa an'Izany ianareo. Ny Fanahy Masina izany. Aoka ho tena manaja ankehitriny, manaja fotsiny ankehitriny, mba ahafahanay miresaka. Eny, tompoko. Tia antsika roa ny Tompo Jesosy, satria lehilahy roa isika izay Nahafatesany. Ary ny fihaonantsika voalohany. Raha manana ilaina ianao, dia afaka manome an'io ilaina io Andriamanitra, satria nampanantena Izy fa hanome Izy.

219 Fa ankehitriny, ilay lehilahy, raha mahitsy fo ao am-pony, dia fantany tsara fa misy zavatra miseho. Tsy afaka mieritreritra marina tokoa izy hoe inona izany. Fa io Anjely izay hitanareo eo amin'ny sary io, dia manatona akaiky kokoa sy akaiky kokoa an'ilay lehilahy, ary miha-manjavona amiko izy. Ary mijaly amin'ny aretim-po ilay lehilahy, ary tratry ny diabeta izy. Marina izany. Izany no HOY NY FANAHY HOE. Raha marina izany, dia atsangano ny tànanao.

220 Ankehitriny, raha tsy mbola nahita anao mihitsy aho, dia ahoana no hahafantarako zavatra mikasika anao? Amin'ny fomba iray, ilay fomba iray ihany izay Nahafantarany tany. Marina ve izany? [Hoy ilay rahalahy hoe, "Marina

izany."—Mpand.] Mino an'izany ve ny mpanatrika? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."]

221 Ankehitriny, nahoana—nahoana no tsy maka ny fotoantsika fotsiny, kely fotsiny, mba hahitanareo fa tsy faminavinanjavatra iray fotsiny izany. Ndao isika haka zavatra hafa, ary hahita fotsiny raha hanambara zavatra hafa amintsika ny Fanahy Masina. Ndao isika hiresaka amin'ilay lehilahy mitsangana eo fotsiny, iray minitra fotsiny. Misy zavatra hafa angamba eo amin'ny fiainany, angamba zavatra hafa tsy mety aminy. Tsy fantatro.

222 Tsy fantatro marina tokoa izay nolazaiko. Tsy maintsy mahita an'izany eo amin'ny fandraisam-peo eto aho, satria, hitanareo, fahitana iray izany, hitanareo hoe taiza no nisy azy. Eny, hitako ilay izy ankehitriny. Zavatra mikasika ny ràny ilay izy. Siramamy ilay izy, hia, diabeta. Voan'ny diabetantsiramamy izy, ary nitombo ho aretim-po iray izany, izay niteraka fo mikorontana. Efa fotoana vitsivitsy no nananany an'izany. Ary tsy avy amin'ity tanàna ity izy. Fa avy any Indiana izy, avy amin'ny toerana iray akaikin'ny toerana iray antsoina toy ny hoe Borden. Ianao. . .Hitako i Borden. Avy any Borden ianao. Izany no HOY NY TOMPO HOE. Izay ilay izy.

Ary misy zavatra tsy mety ao amin'ny fiainanao.

223 Ity misy zavatra hafa. Mahita vehivavy miseho amin'ny fahitana aho eto, satria ianao dia lian-. . .Ny vadinao izany, ary mila fanasitranana izy. Ary mijaly amin'ny karazana kohaka izy. Sohika ilay izy, manana izy.

224 Ary manana zavatra tsy mety ianao eo amin'ny fiainanao, izay efa nezahanao hatao. Amin'ny finoana, dia Pentekotista iray ianao, satria, ianao, mahita anao ao amin'ny fivoriana Pentekotista iray aho izay misy azy ireo mihiakiaka sy mitehaka ny tànany. Ary miezaka ianao ny hiala. . .Mifoka ianao. Izany no ezahanao ialàna, mifoka sigara. Marina tokoa izany. Izany no HOY NY TOMPO HOE. Izany no fahamarinana. Sa tsy izany? Azo antoka, izany no izy. Hitanareo? Mino ve ianao fa eto Izy ankehitriny, manatrika? Vonona hanaiky ny fahasitrananao ve ianao?

Ndao isika hanondrika ny lohantsika.

225 Tompo Andriamanitra, Izay nanangana an'i Jesosy Kristy Izay manatrika ankehitriny, ity lehilahy ity, Tompo, izay eto mba hitoeran'ireo fitahian'Andriamanitra eo aminy, mivavaka izahay mba Hanomezanao azy ny fanirian'ny fony, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

226 Miverena any an-tranonao, hahita an'izany arak'izay ninoanao mihitsy ianao. Ho tahaka an'izany ilay izy. Andriamanitra hitahy anao.

227 Mino ve ianareo? Ilay Andriamanitra Tsitoha, Izay nanoratra an'ity Baiboly ity, Izay manatrika ny Fanahiny, dia mahafantatra fa tsy mbola nahita an'ilay lehilahy mihitsy aho teo amin'ny fiainako, araka ny fantatra, afa-tsy amin'izao minitra izao mihitsy. Saingy, zavatra anankiray no fantatro, ny Fanahy Masina dia eto mihitsy. Tsy fantatro izay Hataony, saingy fantatro fa eto Izy.

228 Ity ve ilay ramatoa? Eny àry. Samy vahiny ve isika? Eny, ianao—ianao—efa nahita ahy tao amin'ireo fivoriana ianao, fa izaho tsy mahafantatra anao. Marina izany. Eny àry. Noho izany, eto ianao ho an'ny tanjona iray.

229 Ankehitriny, ilay vehivavy eto dia mety ho. . .Mety ho Kristiana iray izy; mety tsia. Mety ho mpitsikera iray izy. Raha izany izy, dia diniho fotsiny izay mitranga. Hitanareo? Ary tsy fantatro hoe ho an'ny inona no maha-eto azy.

230 Mipetraka ato amin'ny tranobe any ho any ny reniko, vehivavy antitra iray. Hihevitra ve ianareo fa hiezaka handratra an'ity zavatra mampalahelo ity aho? Mihevitra ve ianareo fa hanatona azy toy ny mpamitaka iray aho? Tsy hanao marina tokoa aho. Aleoko miala amin'ny lampihazo fotsiny dia mandeha mody; efa nitory ny Hafatra aho. Saingy tsy voafetra eo amin'izany ihany ny Hafatra. Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Tsy ahoako izay lazain'izao tontolo izao mikasika an'izany. Tsy maintsy manohana an'izany isika, na ahoana na ahoana. Andriamanitra no nilaza mba hanao an'izany.

231 Tsy mahafantatra anao aho; ary, mazava ho azy, nipetraka tao amin'ny fivoriana ianao, angamba izay nisy olona an-jatony sy an-jatony, tsy manana fomba ahafantarana anao aho. Fa izao no sary iray an'i Masindahy Jaona 4, lehilahy iray sy vehivavy iray, nihaona ho an'ny fotoana voalohany. Nihaona indray ny Tompontsika sy ilay vehivavy avy ao Samaria. Niresaka izy ireo ankehitriny. Nifandray tamin'ny fanahiny Izy, nahafantatra izay tsy nety taminy, ary niteny taminy, ka fantany fa Izy no Mesia. Hanao an'ilay zavatra iray ihany ve ianao? Hanao ianao.

232 Hanao an'ilay zavatra iray ihany ve ny mpanatrika, ny vehivavy rehetra eo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Andriamanitra anie hanaiky an'izany. Eny.

233 Ilay vehivavy dia mijaly amin'ny—ny aretin'ny fikorontanan-tsaina. Efa ela no nananany an'izany, taona maro tany aoriana. Afaka mahita azy aho fony izy vehivavy tanora iray. Fa tsy izany ilay zavatra lehibe izay tiany hivavahako. Ilay izy dia aretin-kozatra izay nampandringa azy. Izany no tianao hivavahako.

Mino ve ianao ankehitriny?

234 Ndao isika mbola hiresaka kely aminy. Enga anie ny Fanahy Masina hanaiky an'izany. Ilay vehivavy dia avy amin'ny—ny firazanana vahiny. Hanson no anarany. Marina izany.

Norveziana na Suèdoise, iray. Tsy avy amin'ity tanàna ity ianao. Avy amin'ny toerana antsoina hoe Canton ianao. Ary izany dia any amin'ny firenena lehibe izay misy vary betsaka. Ary Minnesota izany. Avy any ianao. Marina izany. Miverena any antrano ankehitriny; sitrana ianao. Jesosy Kristy no manao anao ho salama. Lazao amin'ny olona ireo zava-tsoa nataon'ny Tompo taminao.

235 Tena ataoko fa samy vahiny isika. [Hoy ilay anabavy hoe, "Eny. Efa tao amin'ireo fivoriana aho, saingy tsy mahafantatra ahy ianao."—Mpand.] Tsy mahafantatra anao aho. Tsia, madama. Fa ny Tompo no mahafantatra anao. Tonga eto ianao ho an'ny tanjona anankiray. Tena tsy fantatro. Fa raha hambaran'ny Tompo Jesosy amiko izay maha-eto anao, dia ianao no hahafantatra raha izany no fahamarinana. Raha tonga teto aho ka nanao hoe, "Marary ianao, ravehivavy." Azo antoka, mitsangana eo amin'ny laharam-bavaka ianao, izany no maneho . . . [Elanelana tsy voaraki-peo.]

236 Ny fizahanao dia mampiseho fa manana zavatra tsy mety ianao ao amin'ny atinao. Nilaza izy fa cirrhose ilay izy. Marina izany. Miresaka aminy iray minitra fotsiny isika. Izao fotsiny . . . Mino ve ianao fa ny Tompo Jesosy, izay niresaka tamin'ilay vehivavy teo amin'ny fantsakana, dia ilay Jesosy tsy miova androany? [Hoy ilay anabavy hoe, "Eny."—Mpand.] Mino ve ianao? Ianao dia manana, toy ny hoe manana fanahy tsara. Tsy avy eto ianao. Avy any atsinanana ianao, avy any Ohio. Marina izany. Dayton, Ohio, mba ho tonga eto. Marina izany.

237 Izaho dia mahita ny . . . Mivavaka ho an'olon-kafa ianao. Zazalahy iray izany. Tratry ny aretim-po izy. Izy dia manana fery, ihany koa, karazana zazalahy mikorontan-tsaina. Marina izany. Ary mivavaka ho an'ny fanahiny ianao, satria tsy voavonjy izy. Izany no HOY NY TOMPO HOE. Marina izany. Sa tsy izany? Sitrana ianao. Mandehana miverina. Teneno aminy, aoka hahery. Jesosy Kristy . . .

238 Tsy mahafantatra anao aho, ramatoa, tsy mahafantatra anao aho. Andriamanitra no mahafantatra anao. Raha ho tenenin'Andriamanitra amiko ny aretinao, dia hino ahy ho Mpanompony ve ianao? Manamarina fa Izy fotsiny izany. Hitanareo, ny tiako hatao dia ny manao an'ireto olona ireto, izay tonga eo amin'ny laharam-bavaka, hahita fa eto Izy.

239 Nisy zavatra nitranga ato amin'ny fivoriana. Misy vehivavy roa mitsangana eo, izy roa, manao solomaso. Nikasika Azy ny olona iray, tamin'ny fahatsapan'ny fahalemen'izy ireo. Raha mba nahita an'ilay vehivavy fotsiny aho, inona ny . . . Ny aretintsofina, tapitra izany ankehitriny. Jereo ilay ramatoa, toa mitovy betsaka amin'ity anankiray ity izy. Mitsangana eo izy ireo. Afaka nahita azy ireo aho. Fa ny iray nanao an'*ity;* nefa tsy nisy na inona na inona tamin'*ity* anankiray ity.

240 Ny anton'izany dia, mijoro ho an'olon-kafa ity vehivavy ity. Marina izany. Ary mpiara-monina aminao io vehivavy io. Ary tratran'ny aretin-kozatra izy. Ary mitsangana ho azy ianao. Ary hitako ianao mivavaka ho azy, satria tsy voavonjy izy. Ary mivavaka ho azy ianao. Zavatra mendrika izany. Apetraho eo aminy iny mosara iny, izay eny an-tànanao. Teneno izy mba tsy hisalasala, ary hanolotra ny fiainany ho an'i Kristy, dia hiala aminy ny aretin-kozany.

241 [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]. . .mitomany, ranabavy? Mino an'Andriamanitra ve ianao? Mino ahy ho Mpanompony ve ianao? Mino ve ianao fa Andriamanitra dia afaka miteny amiko an'izay itomanianao, sy izay irianao? Raha mino an'izany ianao, dia atsangano ny tànanao. Mino ve ianao fa hiala aminao io hernie io? Raha mino an'izany ianao, dia ho lasa izany. Manàna finoana fotsiny. Aza misalasala fotsiny.

242 Manao ahoana ianao? Ataoko fa samy vahiny isika. Ny Tompo Jesosy no mahafantatra antsika roa. Tena vehivavy tanora mihitsy ianao. Saingy tsy ho an'ny tenanao no maha-eto anao. Mahita hopitaly iray miseho aho, fandriana iray. Ary ho an'ny reninao no ivavahanao, ary voaaloky ny fahafatesana izy. Mijaly amin'ny aretin'ny tranon'afero izy, fivontosana. Ary izy dia tratry ny homamiadana, ihany koa, aloka maintin'ny homamiadana. Ento iny mosara, izay nitomanianao iny, apetraho aminy izany. Ary antsoy ny Anaran'ny Tompo, ka aza misalasala. Raha tsy hisalasala ianao, dia hamoaka azy avy ao Andriamanitra ary hanao azy ho salama. Aza misalasala ankehitriny. Mandehana amin'ny Anaran'ny Tompo, ka minoa.

243 Resy lahatra ve ianareo fa velona Kristy?

244 Misy zavatra mihitsy. . .Oh, izany dia ilay vehivavy mipetraka ery aoriana ery mihitsy, eo amin'io seza io. Mijaly amin'ny aretin'andoha izy. Ary nivavaka tamin'ny Tompo izy, teo, niezaka ny hikarakara an'io zaza io. Henony ianao, ranabavy. Tapitra ny rehetra ankehitriny. Mitsangàna fotsiny, mba hanome ny dera ho an'Andriamanitra nohon'ny amin'izany, ramatoa. Omeo an'Andriamanitra fotsiny ny dera nohon'ny amin'izany. Hitanao?

245 Inona no nokasihany? Tsy nikasika ahy mihitsy izy. Fa ilay Mpisoronabe no nokasihany. Tsy fantatro ilay vehivavy. Tsy mbola nahita azy mihitsy aho, teo amin'ny fiainako. Fa nanasitrana azy teo no ho eo Andriamanitra. Manao an'i Jesosy ho tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay ve izany? Azo antoka, manao izany. Raha mety mino ianao! Ny zavatra rehetra dia azo atao ho an'ireo izay mino.

246 Tonga eo amin'ny mpanatrika izany, olona iray izay mivavaka. Hitanareo, ilay izy dia miankina amin'ny toerana izay anjakazakan'ny hery, misy ny Fanahy. Afaka manaraka sy milaza arak'izay Lazainy fotsiny ihany aho; izaho tsy

mahafantatra. Oh, izany dia ilay vehivavy manao ny solomasony, rehefa avy nitomany. Ny antony nitomaniany, dia satria teo aminy ny Fanahy. Io Izy. Io aretin-tsinay izay efa nijalianao io; manàna finoana, hiala aminao izany ary tsy hiverina intsony. Tsy fantatro ilay vehivavy. Tsy mbola nahita azy mihitsy aho. Tsy nikasika ahy mihitsy izy. Nikasika an'ilay Mpisoronabe izy.

Raha mety mino ianao!

247 Nandòna vehivavy iray hafa izany. Tiako ny olona rehetra izay maniry, jereo eto. Jereo ilay vehivavy mitomany; jereo ilay vehivavy hafa mipetraka ara-dalàna; jereo ilay vehivavy hafa eo akaikiny, mitomany. Tratran'ny aretim-po izy, ilay ramatoa kely mipetraka eo mihitsy, nijery ahy miaraka amin'ny . . . Hia. Marina izany. Tratry ny aretim-po ianao. Sa tsy izany? Niala taminao izany. Nampirehetin'Andriamanitra ny finoanao, ka nikasika Azy ianao.

Oh, mahafinaritra izany!

248 Hitanareo ve io ramatoa mipetraka eo io mihitsy miaraka amin'ny lohany miondrika, mivavaka? Vehivavy fotsy volo, vahiny amiko, mipetraka eo. Eny. Nitodika ianao, nijery azy. Tratry ny aretin'ny tranon'afero izy. Nivavaka tamin'Andriamanitra izy mba hanaisotra an'izany aminy. Ary nivavaka ianao avy eo hoe, "Tompo, aoka izy hiantso ahy." Marina izany. Raha marina izany, dia atsangano ny tànanao. Ahoana no nahafantarako ny vavakao? Niala taminao ilay izy. Ny finoanao no nanasitrana anao. Modia ary aoka ho salama.

249 Mino ve ianareo? Raha mety mino ianareo, dia azo atao ny zavatra rehetra. Fa tsy maintsy mino ianareo.

250 Mbola mihetsika ao amin'io faritra io foana, eo amin'izay mipetraka *eo*. *Eto* mihitsy, faharoa amin'ny farany, tosi-drà ambony. Raha hino amin'ny fonao rehetra ianao, ranabavy, dia tapitra ilay izy. Mino an'Andriamanitra ve ianao, mandray Azy amin'Ny Teniny? Eny àry. Atsangano ny tànanao. Ho an'izany no nivavahanao hoe, "Tompo, avelao izy hiantso ahy manaraka, amin'ity tosi-drà ambony ity." Vahiny aminao aho. Raha marina izany, dia ahofahofaho ny tànanao. Eny àry. Niala taminao izany. Modia ary aoka ho salama.

251 Hitanareo ve hoe inona izany? Izany no finoana. Raha mety mino an'izany ianareo! Mino ve ianareo? Hitanareo, ireo olona eo ireo, tsy nisy karatra fangataham-bavaka na inona na inona. Vonona ny hino ve ianareo? Tahaka an'izany ve no nataon'ny Tompo Jesosy fony teto an-tany Izy?

252 Indro, ity ve—ity ve ilay anankiray, lehilahy izay tonga? Eny àry. Tsy fantatrareo izay ataon'izany, ho anareo rehetra. Ho an'ny Branham Tabernacle, jereo fotsiny eto ankehitriny eo an-tampon'ilay tànana. Hitanareo? Fantatrareo fa tsy tahaka an'izao aho. Inona izany? Ny Fanahin'ny Tompo. Ny hosotra izany.

253 Maro ny olona tsy mahazo hoe inona no dikan'ny hosotra. Mihevitra izy ireo fa izany dia midika hoe mihiakiaka. Fifaliana izany. Hery izay tonga am-boninahitra. Hitanareo? Izany no fifalian'ny Tompo. Izany no Herin'ny Tompo; manasitrana, manao ho salama. Jereo izay Nataony tamin'ilay zazavavy kely nipetraka indray hariva, kilemaina; tamin'ilay jamba; tamin'ireo hafa, manerana hatraiza hatraiza.

254 Manao ahoana ianao, tompoko? Ataoko fa samy vahiny isika. Tsy mifankahafantatra isika. Izaho tsy mahafantatra anao, ary ianao tsy mahafantatra ahy. Raha marina izany, dia atsangano ny tànanao. Eny àry, ny fihaonantsika voalohany. Manajà ankehitriny. Indro ny lehilahy iray, ary izaho sy izy . . . tanora kokoa noho izaho, miaraka amin'ny tànanay mitsangana, ny iray amin'ny hafa, eo anatrehan'Andriamanitra, fa izao no fihaonanay voalohany. Jesosy no mahafantatra an'ilay lehilahy. Ary tsy maintsy misy zavatra tsy mety ao; mitsangana eo izy. Izaho tsy mahafantatra.

255 Fa raha niteny ny fahamarinana aho, izay nohamarinin'Andriamanitra tamin'ny vavolombelona maro, fa niteny ny fahamarinana taminareo aho, hoe, "tamin'ireo Dian-kapony no nahasitranana anareo." Fotoana lasa izany. Tsy maintsy manana an'izany finoana mafy izany ianareo, mba hiakarana any ambonin'ireo zavatra ireo.

256 Jereo ilay homamiadana nanjavona teto izao hariva izao! Ankehitriny dia jereo fotsiny ireo fijoroana vavolombelona manaraka an'izany, ireo aloka maintin'ny fahafatesana. Ny dokoteranareo maha-te-ho tia dia mety miezaka, ny rehetra izay azony natao, mba hamonjy ny ainareo. Fa rehefa milaza zavatra Andriamanitra, dia izay ilay izy. Ary tsy izaho izany. Tsy misy idirako amin'izany.

257 Ankehitriny dia misy eo amin'ny roanjato eo no hivavahana eto. Te-hitsahatra iray minitra fotsiny aho ankehitriny. Ary avy eo dia hanomboka hivavaka ho an'ny olona fotsiny isika, hitondra azy ireo; tsy hampandalo azy ireo eo amin'ny laharana iray, fa hitsangana eo hivavaka ho azy ireo. Te-hivavaka ho an'ny olona rehetra izay te-hivavahana aho.

258 Fa manerana ny mpanatrika, sy ireo eto amin'ny lampihazo, dia tiako ianareo ny hanaiky fa eto Jesosy Kristy. Mahafantatra tsara an'izany ve ianareo rehetra? Mahafantatra tsara an'izany ve ny olona rehetra? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

259 Ankehitriny, mba hilaminan'izany mandrakizay ao antsainareo. Izaho sy ity lehilahy ity, eto miaraka amin'ny tànanay mitsangana mankany amin'Andriamanitra, ny fihaonanay voalohany. Raha hiteny amiko ny tsiambaratelon'ny fony Izy, tahaka ny Nataony tamin'ilay vehivavy teo amin'ny fantsakana mihitsy, na tamin'i Filipo, na taiza na taiza nandritry ny Asam-panompoany, raha hanao an'izany Izy, dia hanamarina

aminareo rehetra ve izany, fa Izy marina tokoa izany, ny Tompo Jesosy?

260 Hanamarina aminao ve izany, tompoko? [Hoy ilay rahalahy hoe, "Eny, tompoko."—Mpand.] Tsy manana fomba aho, tsy manana hevitra hoe inona ny olanao. Tsy fantatro na mpanota iray ianao na Kristiana iray. Tsy afaka hiteny aminao aho. Izy no afaka; Andriamanitra no afaka. Fa izaho tsy afaka miteny aminao. Fa raha miteny amiko Izy . . . Fa Kristiana iray ianao. ["Eny."] Satria, vantany vao mahazo ny hosotr'ity Fanahy izay ato amiko ity ny fanahinao, dia izany no mandray Azy, noho izany dia fantatro fa Kristiana iray ianao.

261 Ary eo ambanin'ny aloka lalina iray ianao. Zavatra tsy mety amin'ny rà ilay izy. Ary efa tany amin'ireo dokotera ianao. Ary te-hanao fandidiana iray izy ireo, ary io fandidiana io dia, mandre azy ireo aho, ary dokotera roa no miara-mandinika, ary te-hanala taova iray avy amin'ny vatanao izy ireo, izay antsoina hoe ny sarakaty. Marina izany.

262 Ary tsy avy amin'ity tanàna ity ianao, fa ianao dia avy amin'ny tanàna lehibe iray izay misy toerana lehibe an'ny karazana fivavahana iray. Wheaton izany. Ary ny anaranao dia Karl Rhodes, Rhodes, zavatra iray toy ny hoe Karl Rhodes. Eny àry, tompoko. Raha mino amin'ny fonao rehetra ianao, dia afaka miverina any an-tranonao, ary Andriamanitra no hitahiry ny ainao. Mino an'izany ve ianao? [Hoy ilay rahalahy hoe, "Mino an'izany aho."—Mpand.]

Ndao isika hivavaka.

263 Tompo Jesosy, efa nandroaka an'io ratsy io hiala amin'ny rahalahinay aho ankehitriny. Ary amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, enga anie izy ho velona ho an'ny voninahitr'Andriamanitra. Amena.

Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Zory ny làlanao, mifaly!

264 Firy ankehitriny no mino amin'ny fonareo rehetra?

Ankehitriny, izao ihany ve no hivavahana? Eny àry.

265 Eny, niala taminao ny aretin-damosinao raha mbola nipetraka teo ianao, noho izany dia afaka manohy ny làlanao ianao, ary mifalia raha te-hifaly ianao. Ary manohiza fotsiny, manao hoe, "Isaorana ny Tompo tsara!"

266 Mandehana mihinana ny sakafo harivanao. Niala taminao ny aretim-bavoninao, rehefa niditra tao amin'ilay laharana, noho izany ianao dia afaka mizotra amin'ny làlanao, ihany koa. Minoa amin'ny fonao rehetra fotsiny.

267 Tsy hanelingelina anao ny aretin-kozatrao, raha hino an'izany ianao. Manohiza mandeha fotsiny, mifaly sy midera an'Andriamanitra, raha sitrakao, rahalahy. Eny àry. Eny àry.

268 Mino amin'ny fonareo rehetra ve ianareo? Firy no mino an'Andriamanitra? Ankehitriny aho dia handeha eto fotsiny vetivety fotsiny . . .

58-1005E Lehilahy Nantsoin'Andriamanitra
Branham Tabernacle
Jeffersonville, Indiana U.S.A.

MALAGASY

©2024 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org